

## Ala-sarona

Indray andro sendra nitopy ny masoko tamin'ity boky kely ity. Niara- nipetraka tamin'ny boky hafa, nampirimiko folo taona lasa teo ho eo izy io. Ny vady navelan'ny pastora nisotro ronono izay no nahazoako io boky io sy boky sasany hafa, telo-polo taona lasa izay. Tsaroako io boky kely io sy ny heriny niasa mangina tamiko! Hatramin'ny fotoana nahitako azy indray dia niverimberenako novakiana imbetsaka izy io hany ka nampietry ahy tanteraka ary nanova ahy ny hafatra mafonja racketiny. Resy lahatra aho fa tena tonga amin'ny fotoanany izy io ankehitriny, mihoatra noho ny tamin'ny fotoana nisehoany voalohany, tokony tamin'ny 1929. Mino aho fa fitondran' Andriamanitra ny namerina izany ho amin'ny fahazavana amin'izao andro fizahan-toetra izao!

Andriamanitra hitahy anao eo ampandinihina akai-ky ireo fampitandremana sy ireo teny fikasana voarakitra ao, ho amin'izao andro farany izao.

JGS

Mambra ao Fiagonana Advantista “Village”

31137 Knight Dr.

Buchanan, MI 49107

Nadikan' i Rasoanaivo Victor Andrianomenjanahary sy Rasamoely Emilienne Ramamonjisoa ho teny malagasy, taona 2006, avy tamin'ny boky amin'ny teny anglisy nosoratan' i A. M. DART, mitondra ny lohateny hoe "God's Last Effort to Awaken His People", nahazoana alàlana avy tamin'ny Justified Walk Ministries, PO Box 233, Berrien Springs, MI 49103, USA.

Fanamarihana:

Raha mila misimisy amin'ity boky ity hozaraina ianao dia mi-antsoa ny:

Jack (269) 697-0626 na

Justified Walk Ministries  
(269) 471-9224  
na sintony maimaimpoana izany avy amin'ny  
[www.justifiedwalk.com](http://www.justifiedwalk.com)

na koa manorata amin'ny  
Justified Walk Ministries  
PO Box 233  
Berrien Springs, MI 49103

(Misy tahirin-kevitra fanampiny ao amin'ny takelaka farany)

## FARA EZAKA ATAON' ANDRIAMANITRA HAMOHAZANA NY OLONY

Notendrena ho Sekretera Jeneraly Mpamita iraka ao amin'ny Federasiona Atsimo-andrefana ao California aho herintaona mahery izay. Koa handaniako ny fotoanako miaraka amin'ireo fiangonana, dia nitady ny Tompo tamin-kafanam-po aho, handraisako zavatra mazava sy mahasoa, ka notarihiny, rehefa nianatra sy nivavaka mafy, haneho ny asa famaranana ataon' Andriamanitra eo amin'ny fahazavan' ny hafatra ho any Laodikia. Arakaraka ny nandinihiko sy nanehoako io hafatra io, arakaraka izany no nampahazava tamiko fa hafatra manokana ho an'ny fiangonana sisa izy io, izay natao hamohazana ny fiangonana ho amin'ny famitana ny asa.

Nihahery ny fahareseko lahatra noho ireo teny mazava avy amin'ny Fanahin'ny Famiananiana milaza fa mialoha indrindra ny handrainsana ny ranonorana farany dia hovelomina indray ny hafatra ho any Laodikia.

Nanampy ahy teo amin'ny asa izay tsy nananako fahazavana manokana tamin'ny nandraisako azy voalohany, ireto teny avy amin'ny Fanahin'ny Faminaniana ireto: "Nitebiteby fatratra aho niandry, nanantena fa handefa ny Fanahiny amin'ny olona sasany Andriamanitra ka hampiasa azy ho fitaovan'ny fahamarinana hamoha sy handamina ny fiangonany. Efa saiky namoy fo aho rehefa hitako, isan-taona isantaona, fa niha-niala tamin'ny fahatsorana izay nasehon' Andriamanitra ahy fa tokony hampihavaka azy ny fiainan'ireo mpanaraka Azy."

-Test. Vol. 5, p. 603.

Nitobaka betsaka tamin'ny asanay (mivady) ny fitahian' Andriamanitra, ary nahita valiteny tena nampahery aho teo amin'ny vahoakantsika, mihoatra lavitra noho izay rehetra nanaovanay fanandramana teo amin'ny asa nataonay niaraka tamin'ny fiangonana: ary hatraiza hatraiza dia nisy fangatahana ny hanontana ireo fianarana ireo, izay nahatonga an'izao boky kely izao. Mazava fa famintinana an'ireo fianarana ireo ity boky ity, nefo antenaina fa hanampy ho famohazana ny fiangonana, hahatsapany izay ilainy araka izay ao amin'ny Hafatra ho an'ny Laodikia.

A.M.D.

“Mifohaza, mifohaza, tafio ny herinao, ry Ziona ô: Tafio ny fitafianao tsara tarehy, ry Jerosalema ô, tanàna masina; fa tsy hiditra aminao intsony ny tsy voafora sy ny maloto”. Isaia 52:1

Mampiseho ny fiangonana eo amin'ny ady farany amin'ny herin'ny maizina io toko sy andininy io, ary ny marina ihany no ho afaka. “Matahotra ireo mpanota ao Ziona; trathy ny horohoro ny mpihat-saravelatsihy.”

“Mitafy fitafiana be voninahitra ireo sisa nohamavoina, tsy ho voaloto ny fahalotoana eo amin'izao tontolo izao intsony;”

Olona mahalala izany miaina amin' ny fiainan' i Kristy no hitondra “ny antso avo”. Nahazo ny fandresena izy ireo, ary nahatonga fankasitrahaha lalina indrindra sy fifaliana masina avy aminy izany.”

Test, Vol. 1, p. 182.

Ny antso farany hivoaka an' i Babylona dia hataon' ireo “nahazo ny fandresena tamin'izay mampisalasala rehetra, tamin'ny avonavona, tamin'ny fitiavan-tena, tamin'ny fitiavana an'izao tontolo izao, sy tamin'ny teny sy ny fihetsika ratsy rehetra. Noho izany, dia tokony hanatona an' i Jehovah akaiky kokoa isika ary hitady amim-kafanam-po ny fiomanana ilaina ahatonga antsika ho afaka hijoro amin'ny adin'ny andron' i Jehovah.” – E.W. p. 71.

Voalanjalanjanao ve izany eritreritra milaza fa manana hafatra manokana Andriamanitra hamoahazana ny olony, mba hahatsapany izay ilainy ka ho afaka handray ny ranonorana farany izy hoenti-mamita

ny asa? Izany no zava-misy. Lazain’ny Fanahin’ny Faminaniana ho “hafatra miezinezina sy mahatahotra izany”, “fiampangana manaitra” ary “natao mba hamohazana ny vahoakan’ Andriamanitra, hanehoana azy ny fihemorany, ary hitarika azy ho amin’ny fibebahana mafana, mba handraisany tombon-tsoa amin’ny fanatrehan’ i Jesosy, ka ho vonona ho amin’ny antso avon’ny anjely telo.”

Azo antoka fa ny hafatra toy izany dia ho noraisin’ ny olona izay nampanakoako ny hafatra farany nandritra ny dimy-ambivalopolo taona tamin’ ny fomba manetriketrika .

“Endrey! Izany faniriana fifohazana ara-panahy! Mandeha manao ny adidiny ireo anjelin’ Andriamanitra mitety ny fiangonana; ary mandondona ao am-ponao te-hiditra ao Kristy. Nefa tsy noheverina ireo zavatra voatendrin’ Andriamanitra hamohazana ny fiangonana, hahatsapany ny fahabangany eo amin’ny ara-panahy. Noraisina ho fanomezan-tsiny ny feon’Ilay Vavolombelona Marina. Nisafidy ny hanaraka ny lalan’ny tenany ny olona, fa tsy ny lalan’ Andriaüanitra, satria tsy voahombo ny “izaho” tao aminy.” – Test. Vol. 5, pp. 719, 720.

Hita araka izany fa nokasain’ Andriamanitra hamoha ny fiangonana ny Hafatra ho any Laodikia ary hanomana azy handray ny ranonorana farany sy hanao ny antso avo.

### Ny Hafatra

“Ary soraty ho amin’ny anjelin’ny fiangonana any Laodikia: Izao no lazain’ny Amena, dia Ilay Vavolombelona mahatoky sy marina, Izay niandohan’izao zavatra noharian’ Andriamanitra izao: fantatro ny asanao fa tsy mafana na mangatsiaka ianao; aleo ho mangatsiaka na ho mafana ianao. Fa satria matimaty ianao ka tsy mafana na mangatsiaka, dia efa haloan’ny vavako ianao; fa hoy ianao: Manan-karena sy efa niary fananana be aho ka tsy manan-java-mahory; kanjo tsy fantatralo fa ianao no ilay ory sy manantra sy malahelo sy jamba ary mitanjaka; dia manoro hevitra anao Aho hividy Amiko volamena voadio tamin’ny afo mba hanan-karena ianao, ary fitafiana fotsy hotafianao, mba tsy hisehoan’ny henatralo noho ny fitanjahana, ary odi-maso hahosotrao ny masonao mba hahiratanao. Izay rehetra

tiako no hanariko sy faizako; koa dia mazotoa ianao, ka mibebaha. Indro efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondona ; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy Amiko.

Izay maharesy dia havelako hiara-mipetraka Amiko eo ambonin'ny sez amin'ny Raiko eo ambonin'ny sez amin'ny fiandrianany. Izay manantsofina aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana". Apokalypsy 3: 14-22.

Tsy misy isalasalana fa natao ho antsika io hafatra io, amin'ny maha-vahoaka antsika, raha ekentsika ny fanambarana tsotra indrindra ataon'ny Fanahin' ny Faminaniana.

"Fiampangana mahatahotra ny hafatra ho an'ny fiangonana any Laodikia, ary azo ampiharina amin'ny fiangonana amin'izao fotoana izao". – Test., vol 3, p. 252.

"Natao ho an'ny olon' Andriamanitra izay mino ny fahamarinana ankehitriny ny hafatra ho any Laodikia. Ny ankabeazany dia misoratena nefo matimaty, manana anarana fa tsy manana fahazotoana." – Test., vol. 4. p. 87.

"Fantattro ny asanao". Tsy hoe tsy misy ny asa, nefo tsy mety hitranga koa ve izany hoe be loatra indray ny asa? Inoako fa misy betsaka amin'ireo zavatra ataontsika no hajanona rehefa harahina feno ny toro-hevitry Ilay Vavolombelona Marina. Ny tena lozabe anefa dia ny ho afa-po amin'ny zava-bitia eo amin'ny ara-panahy – ny mahatsapa fa tsy mila na inona na inona, nefo mila ny zavatra rehetra.

Mampiharihary amintsika ny tena toerana marina misy antsika eo anatrehan' Andriamanitra ny Hafatra ho any Laodikia (ary azoko antoka fa tsy ho fandokadokafana mihitsy izany) ary manaraka izany Ilay Mpanolo-tsaina lehibe dia manolotra maimaimpoana izay ahafahantsika mandingana ny tondro-zotry ny fotoana ho any amin'ny mandrakizay; nefo alohan'ny hanaovantsika io dingana io, dia hanao ny antso farany ho an'ny vahoakan' Andriamanitra isika, homban'ny herin' ny ranonorana farany, hivoaka an'i Babylona. Sao dia tsy horaisina ho zava-dehibe io filazana io ka averiko indray. Tsy maintsy manaraka feno ny toro-hevitry Ilay Vavolombelona Marina isika mba ho afaka hanao antso avo ny hafatra. Midika izany fa tsy

maintsy mahita ny tenako araka izay tena izy eo imason' Andriamanitra aho ary ny fampiharihariana mahatahotra, raha tena manaraka ny ao am-poko aho, dia hitarika ahy hividy volamena voadio tamin'ny afo, fitafiana fotosy ary odi-maso izay ilaina hisehoana eo amin'ny fitsaran' Andriamanitra rehefa hikatona ny androm-pahasoavana. Raha manana ireo aho dia ho afaka manao ny anjarako eo amin'ny fanaovana ny antso avo. Azontsika inoana fa hanao izay fara-heriny i Satana hanakanana antsika tsy hanao io fanandramana io. "Fantany mantsy fa raha mandray feno io hafatra io ny vahoaka dia ho tapaka ny heriny."

Raha amin'ny fontsika tokoa isika no voafitaka dia izay no fitaka loza indrindra, nefo amin'izao toe-javatra izao i Satana dia mitarika antsika ho ory, ho malahelo, ho mahantara, ho jamba sy ho mitanjaka nefo amin'ny fontsika tokoa.

"Ny hafatr'Ilay Vavolombelona marina dia mahita ny olon'Andriamanitra ao anaty ny fitaka mampalahelo, nefo amin'ny fony tokoa no misy azy ao amin'izany fitaka izany. Tsy fantany fa mahonena ny toerana misy azy eo anatrehan' Andriamanitra."

"Naseho ahy fa betsaka ireo mandoka-tena ho kristiana tsara nefo tsy manan-tara-pahazavana na dia iray akory aza avy amin' i Jesosy. Tsy manana fanandramana velona ho an'ny tenany momba ny fiainana araka an' Andriamanitra izy." – Test., vol. 3, p. 253.

"Tsy manana fanandramana velona ho an'ny tenany". Endriky ny "toe-panahy araka an' Andriamanitra" fotosiny, tsy misy hery izany. Endrika miteraka aretina, mahakina, mampahory izay na-haosa ny fiangonana tamin'ny fotoana rehetra. Ranadahy isany! Nahazo toerana teo amintsika mihoatra noho izay mahatonga saina antsika izany. . Aoka isika hitady an'i Jehovah amim-panetren-tena eo amin'ny fahazavan' ny hafatra ho any Laodikia; satria "ny hany fanantenana ho any Laodikiana dia ny fahitany mazava ny toerany eo anatrehan' Andriamanitra, ny fahalalana ny toetry ny aretiny." – Test., Vol. 4, p. 87.

"Andriamanitra anie hitarika ny olony ka hanetsika azy lalina ny Fanahiny! Izy anie hitarika Azy hifoha, hahita ny loza mananontanona azy, ary hiomana ho amin'izay zavatra hitranga eto ambony ny tany!" – Test., vol. 8, p. 301.

Aoka ho tsaroana fa amin'izao toerana mahatahotra misy any Lao-dikia izao, ireo izay voafitaky ny fahavalo amin-kafetsena no manambara ireo teny fampitandremana manetriketrika ao amin'ny hafatra farany; mivavaka amin' Andriamanitra izy, manambara ny fitiavany ho an' Andriamanitra izy; mampianatra ny teniny izy; mandray an-jara amin'ny fanompoana ara-panahy, tahaka ny hoe mety daholo ny momba azy; ary amin'ny fony manontolo no hanaovany ny zavatra rehetra. Toe-javatra mahonena loatra! An'isany aho ve?

“Toy izao no fampitandremana avy amin' i Kristy ho an'izay tsy miraika amin'izao fotoana izao: “Koa satria matimaty ianao, ka tsy mangatsiaka na mafana, dia haloa ny vavako ianao!.... Ny sary asehon’ny hoe haloa ny vavako dia midika fa tsy afaka manolotra ny vavaka ataonareo na ireo fanehoam-pitiavanareo ho an' Andriamanitra Izzy. Tsy afaka hanaiky ny fampianaranareo ny Teniny Izzy, na ny asa ara-panahy ataonareo na amin'ny fomba inona na amin'ny fomba inona. Tsy afaka hitondra ny fanompoam-pivavahana ataonareo Izzy handraisanareo fahasoavana Izzy” –Test. vol. 6, p. 408.

Azo antoka fa tokony hampangovitra ny fampiharihariana maha-hatohtra ny toerana misy azy toy izany; ka handray ny hafatra sao haloan'ny vavan' i Jehovah!

Raha afaka misokatra ny lamban-dampihazo, raha afaka mahita ny fikasan' Andriamanitra ianao, sy ireo didim-pitsarana efa madiva hilatsaka amin'izao tontolo izao tandindomin-doza, raha afaka mahita ny fihetsiky ny tenanao ianao, dia hatahotra sy hangovitra ianao ho an'ny fanahinao sy ho an'ny fanahin'ireo mpiara-belona aminao. Hiakatra ho any an-danitra ny vavaka mafana avy amin'ny fo rotidrotiky ny tebiteby. Hitomany eo anelanelan'ny lavarangana fidirana sy ny alitara ianao, miaiky ny fahajambanao sy ny fihemoranao ara-panahy . -Test. Vol. 6, p. 408.

Mazava ho azy fa raha ekena feno io hafatra io dia hanaraka ny fahadiovana sy ny hery; ary raha tsy arahina dia azo antoka ny ho fand avana tanteraka. Noho izany dia mihantona amin'izany ny ho avy ny fiangonana.

“Tsy nohenoina tapany ny teny vavolombelona avy amin'Ilay Vavolombelona Marina. Ny teny vavolombelona miezinezina izay hihantonan'ny ho avy ny fiangonana, dia efa nohamaimaivanina,

raha tsy natao an-tsirambina tanteraka. Tsy maintsy mitarika fibebahana lalina io teny vavolombelona io, ary izay rehetra mandray azy marina, dia hankato izany ka hodiovina.” –Test., Vol. 1, p. 181

“Tsy maintsy miasa fibebahana lalina. ”Mazava ho azy fa fibebahana eo amin’ny fahazavana ahitany ny tenany eo amin’izay tena toetrary marina izany. Fibebahana noho ny ratsy rehetra vita noho izany nampanaozina na izay tokony natao nefo tsy natao . Fanavaozana sy fanamboarana manao ahoana no mety ho hita amin’izany. Hanao ahoana ny fitobaky ny hoenti-manana ny fitoriana ny filantsara haingana hatrany amin’ny faran’ny tany; hanao ahoana izany fahatrarana ny fetra amin’ny lafiny rehetra! Nefo indrisy! “Tsy nahatanteraka ny fibebahana mafana nantenaiko ho hita teo amin’ny olon’ Andriamanitra ny hafatra ho any Laodikia, ary very hevitra indrindra aho.” –Id., p. 185.

## FONY IZY NASEHO VOALOHANY

“Hanao ny asany io hafatra mahatahotra io” Voambolana mahavariana loatra!, “fiampangana manaitra”, hafatra mahatahotra”. Matahotra aho sao maro no tsy mahita intsony ny mampahazava io hafatra io. Misy hafa maro no tsy mahazo azy. Tsy misy hafatra mazava kokoa, manaitra kokoa, mahatahotra kokoa hita ao amin’ny Baiboly noho izany. Tsy nihoatra noho izany ireo hafatra ho an’izao tontolo izao taloha ny safo-drano, ny ho an’ i Ninive, ny ho an’ i Sodoma.

“Nitarika fandinihina akaiky ny fo izany fony izy naseho voalohany. Nekena ny fahotana ary voahetsiketsika hatraiza hatraiza ny olon’ Andriamanitra. Saiky ny rehetra no nino fa hiafara amin’ny antso avon’ny anjely telo io hafatra io.” – Id, p. 186.

Izany ve no ho fiafarany? Sa tsy hahatanteraka ny asa nokendrena ho azy ny hafatr’Andriamanitra? Tsy manana hafatra hafa Andriamanitra hanatanterahana io asa io, ary tsy nanana hafa mihitsy Izy. Mba lanjalanjao kely vetivety ny dikany lalina eo amin’izany fahazavana izany. Manontani-tena aho raha tsy misy loza eo amin’ny

## **10/ NY FARA-EZAKA ATAON' ANDRIAMANITRA HAMOHAZANA NY OLONY**

fiheverantsika ny “antso avo”, ny firesahana momba ny “antso avo”, ny “fampandrenesana ny “antso avo”, ary ny fanantenana ny “antso avo”, ka tsy ao io fitarihan-teny lehibe io. Raha izany no izy dia hisetra fahadisoam-panantenana mangidy isika.

### **NY NANENDRENA NY HAFATRA**

“Nefa rehefa hitany fa tsy tanteraka tamin’ny fotoana fohy ny asa feno hery, dia betsaka no nampiketraka ny vokatry ny hafatra. Hitako fa tsy ho nahavita ny asany ao anaty volana fohy io hafatra io. Voatendry izany hanairana ny olon’ Andriamanitra , sy hanehoana aminy ny fihemorany ary hitarihana azy ho amin’ny fibebahana feno hafanam-po, ka amin’izay izy ireo, dia mety handray tombon-tsoa amin’ny fanatrehan’ i Jesosy , ary ho vonona ho amin’ny antso avo ataon’ny anjely telo.” – Id.

Mazava araka izany, fa ny fahavononana ho amin’ny antso avo dia hita eo amin’ny fandraisana ny teny vavolombelona mivantana avy amin’ny Vavolombelona Marina ho any Laodikia. Tsy homen’ Andriamanitra atao ny antso avo amin’ny alalan’ ny mpihemotra, ny be hambom-po, ny mitsiriritra, ny tia an’izao tontolo izao, ny mihevitra ho mahavita-tena. Izany rehetra izany, tsy maintsy ho efa nibebahana sy nafoy.

Rehefa manohina ny fo io hafatra io dia mitarika ho amin’ny fane-tren-tena lalina eo anatrehan’ Andriamanitra. Nalefa hatraiza hatraiza ny anjely hanomana ireo fo tsy mino ho amin’ny fahamarinana. Nanomboka niainga ny asan’ Andriamanitra, ary nampahafantarina ny toerany ny olony.” – Id.

Hahafinaritra indrindra izany manatrika mpihaino izay ny anjely no nanomana ny fony handray ny hafatra! Ny anjely no hiandraikitra ny fampilazana amin’ny fomba mahomby, haingana ka tsy hisy atahorana ny mety ho fampiasany fomba fiasa mampisalasala.

Mamindra-fo tokoa Andriamanitra ary mitahy ny fiezahantsika na dia tsy nahafeno tanteraka izay noheveriny aza isika. Kanefa, endrey izany fahafenoan’ny fitahiany! Rahoviana isika no hiaina izany?

Raha noraisina tanteraka ny toro-hevitr'Ilay Vavolombelona Marina, dia ho niasa ho an'ny olony amin-kery lehibe kokoa Andriamanitra. Na dia izany aza dia notahian' Andriamanitra ireo ezaka natao hatramin'ny nanomezana ny hafatra, ary maro ireo fanahy nentina niala ny hevi-diso sy ny haizina ka hiravoravo amin'ny fahamariana;” –Id.

Tsy tokony ho afa-po anefa isika amin'ny fanompoana avy amin'ny fo tapaka ihany.Tsy afaka mamita ny asa isika raha tsy mandray feno ny hafatra.

« Hisedra ny olony Andriamanitra, manam-paharetana aminy Jesosy, ka tsy naloan'ny vavany izy avy hatrany. Hoy ny anjely: ‘Mandanja ny olony Andriamanitra! “ Id.

Mahafaly ahy ny hilazana antsika fa eo am-pandanjana antsika izao.

Tamin’iny alina nisehoan’iny loza iny, raha nanambara ny fiasarana mahatsiravina hanjo ny mpanjakan’i Babylona, ilay tānana mifono zava-miafina, teo amin’ny rindrin’ny lapa, dia nilazāna izy fa tsy hoe nolanjaina fotsiny, fa voalanja ka indro, latsa-danja. Tsy nisy fiovana azo natao. Nolanjaina izy fony nizatra nanao tsinontsinona ny hafatr' Andriamanitra ny raibeny; satria rehefa nandika ny sora-tānana teo amin’ny rindrina ny mpaminany, dia noraisiny io fanandramana io ka hoy izy: “Ary ianao, ry Belsazara zanany, tsy mba nampiety ny fonao na dia fantatrao aza izany rehetra izany.” Dan 5:18-22.

Misintona lesona avy amin'ny fanandraman'ny hafa ve isika? Sa ho diso isika ka tsy hianatra ireo lesona tian' Andriamanitra ampi-anarina antsika amin'ny alalan'ny fanandraman'izy ireo, mandrapilazan'ny mozana ny tantara mampalahelo hoe “ voalanja ka indro, latsa-danja?”

Raha raisina ny Hafatra ho any Laodikia dia haneho zavatra maro izay mampitongilana ny mizana amin'ny ilàny tsy tokony.

“Tsy hanaiky amintsika latsaka kokoa noho izay takiany Izy; tsy maintsy ho tanterahina feno ny fitakiany marina rehetra, raha tsy izany dia ho vavolombelona hanameloka antsika ireo, hilaza fa voalanja teo amin'ny mizana isika ka indro latsa-danja.” –Test . Vol. 5, p. 402.

“Na tanora ianao na antitra, mizaha-toetra anao Andriamanitra izao. Manapaka izay ho anjaranao ho mandrakizay ianao. Ny avonavonao,

ny fitiavanao hanaraka ny lamaodin'izao tontolo izao, ny resadresa-poana tsy misy antony ataonao, ny fitiavan-tenanao, samy apetraka amin'ny mizana daholo ireo, ary mameley anao amin'ny fomba maha-hotra ny lanjan'ny ratsy.” - Test., Vol. I, p. 189.

Manimba ny ara-tsaina sy mikiky ny ara-panahin'ny olontsika ny lamaody. Manenika ireo fiangonantsika advantista mitandrina ny andro fahafito ny fankatoavana ny lamaody, ary mahavita be mihoatra noho ny hery hafa izany hampisaraka ny olontsika amin' Andriamanitra.” – Test., Vol. 4, p. 647.

Nisy mpanoratra ao amin' Review and Herald, Febroary 9, 1928, nampiasa io teny io , ka hoy indrindra izy: “Tsy maintsy manaiky ny rehetra fa manjaka in-jato heny mihoatra noho ny fony nanoratana ireo teny ireo ny fanarahana ny lamaody.”

“Matahotra aho sao tsy tobanantsika araka izay tokony ho izy ny zavatra maro manimba eo imason' Andriamanitra. Halavirintsika ny fahotana mivandravandra kokoa ary maneso isika mijery izay manao izany. “Esoina fatratra ery ny mpidoroka , ka lazaina fa handroahana azy tsy ho any an-danitra ny fahotany, nefo, mandrakariva kosa dia sy mba misy mpiteny ny mpiavonavona, ny mpitia tena, ny mpitsiriritra zavatr’olona, kanefa ireo dia tena fahotana maharikoriko an' Andriamanitra, satria mifanohitra amin'ny hatsaran-toetrary sy amin'ny fitiavana misy fandavantena izay toy ny rivotra iainan’ireo izao tontolo izao tsy mba lavo; izay lavo amin'ny fahotana mivandravandra dia mety hanana fahatsiarovana amin'ny henatra mahazo azy sy ny fahantrany aty ny filàny ny fahasoavan’ i Kristy; fa ny mpiavonavona kosa, dia tsy mahatsiaro izay ilainy, na inona na inona , ka dia voasakana tsy ho ao am-pony Kristy izay tonga ho antsika rehetra ary voatampina ny fahasoavany tsy misy fetra tiany homena”. Ny Tena fahasambarana, p. 35. 1

Ny tsi-fahaizantsika manavaka, mibebaka sy mahafo y ireo rehetra ireo dia hidika fahafonganana mandrakizay ho antsika; ary faly aho fa tsy hisy ho tonga any an-danitra izy ireo. Ny fiheverana fa mety amintsika ny sasany amin'izy ireo na dia ny anankiray fotsiny aza, dia loza lehibe indrindra ho antsika. Manambara Ilay Vavolombelona Marina fa rehefa mihevitra ianao fa tena ao anaty ny fanambinana tsara, mila ny zavatra rehetra ianao amin'izay”.

“Nandray fampitandremana sy fampitandremana hatrany ny fiangonana. Naseho mazava ny adidy sy ireo loza eo amin’ny olon’Andriamanitra. Nefa hita fa matanjaka loatra ho azy ny momba an’izao tontolo izao. Ny fanaon-drazana, ny fanao mahazatra sy ny lamaody izay mitarika ny fanahy hanalavitra an’ Andriamanitra, dia nahazo vhaha taona maro izay, ka mihaika ny fampitandremana sy ny fiangavian’ny Fanahy Masina; hany ka farany dia nanjary mety eo imasonry ny lâlany, ary zara raha re ny feon’ny Fanahy.” -Test., Vol. 5, p. 103.

Haseho mazava tsara eto ny toetry ny Laodikiana..” Nanjary mety eo imasonry ny lâlany.” “Ny hafatr’Ilay Vavolombelona Marina dia mahita ny vahoakan’Andriamanitra ao anaty ny fitaka mampalahelo, nefo amin’ny fony tokoa izy amin’izany.” Ny fanafody ho any Laodikia no hany fanafody ho amin’ny aretin’ny Laodikiana..” Ny hany fanantenana ho any Laodikiana dia ny fahitana mazava ny toetra iseboany eo anatrehan’Andriamanitra.” Mampanahy indrindra anefa ny momba azy, rehefa “zara fa reny ny feon’ny Fanahy!”

“Mahantra, sy ory ary jamba sy mitanjaka ianao... ary tsy ho ela ny teny izay nomena mikasika ny ankohonan’ i Elia dia holazaina an’ireo anjelin’ Andriamanitra mikasika anareo. ‘Tsy hisy fanatitra hahafaka ny helony mandrakizay’ .... ary hitako nanatsaoka ny sabany tany an-danitra Jehovah hijinja azy. Oh, raha mba afaka mahatsapa ny asa fanadiovana efa hataon’ Andriamanitra eo anivon’ireo misora-tena ho olony ny matimaty tsirairay!” – Test., Vol. 1, p. 190.

“Raha hitan’ny olona misora-tena ho an’ Andriamanitra fa mifano-hitra amin’ity asa mivantana ity ny fony dia tokony ho resy lahatra izy fa misy asa hatao handreseny mba tsy haloan’ny vavan’i Jehovah izy. Hoy ny anjely: “hiasa akaiky kokoa hatrany Andriamanitra mba hisedrany sy hitsapany ny olony tsirairay’ ... Misy fotoana hizahana toetra sy handinihina ny tsirairay ahitana raha hanao sorona ny sampa-ny izy ka hanaraka ny toro-hevity ny Vavolombelona Marina. Raha tsy hodiovina amin’ny alalan’ny fankatoavana ny fahamarinana izy, sy handresy ny fitiavan-tenany, ny avonavony, sy ny firehetam-po ratsiny, dia hiampanga azy ireo anjelin’ Andriamanira hoe: ‘Tafara-

ikitra amin'ny sampiny izy, aoka izy ho eo', dia niroso tamin'ny asany izy ireo, ka navelany hofehezin'ny anjely ratsy ireo tsy nampilefitra ny toetram-pahotany " – Test., Vol. 1, p. 187.

Marina tokoa fa "hafatra miezinezina, mahatahotra" izany. Iza no tsy hangovitra mieritreritra izany hoe avela hofehezin'ny anjely ratsy? Mampatahotra indrindra izany hafatra izany ka fony naseho voalohany izy "dia niasa teo amin'ny fihetseham-pon" (ny antokon'olona iray) , "nampihetsika ny tahony, "nanaitra azy", nefá " fihetseham-po no nitarika azy, fa tsy foto-kevitra sy finoana", ary "mba tsy ahavoafitaka ny olona mikasika azy ireo, dia nomeny fotoana izy hampitony ny fahataitairany, ary avy eo dia hozahany toetra raha hankato ny toro-hevitr'Ilay vavolombeblona Marina izy". – Id.

Tsy hisy fahataitairana eo amin'ny hery hiaraka amin'ny famitana ny asa. Zava-dehibe loatra ny mitranga hisian'ny fahataitairana.. Efa samy nandinika ny ho tombany tamim-pahatomiana ny tsirairay, nilefitra, nanaiky ny hery, ary niaina tamim-pifaliana izay azon' Andriamanitra atao amin'ny alalan'ireo fantsona tsy voasembatsembana. "Ny Ray, ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina dia mitady ary maniry indrindra fantsona izay ahazoany mampita ireo foto-kevitr' Andriamanitra momba ny fahamarinana ho an'izao tontolo izao."

## IZAY NANDRAY NY HAFATRA – NY VOKANY

"Ireo izay nahatasita ny tanjona rehetra sady nahatanty ny fitsapana rehetra, ka nandresy, na inona nety ho tambin'izany, dia nandray ny toro-hevity ny Vavolombelona marina, ka handray ny fara-orana izy ireo dia ho voaomanana hiakatra velona." " – Id., pp. 187, 188.

Aoka homarihina indray fa ilaina handraisana ny ranonorana farany ny fandraisana feno ny toro-hevitr'Ilay Vavolombelona Marina. Ny fanambarana eo aloha dia toa mampiseho fa manana anjara amin'ny fampiomanana antsika hiakatra ho any an-danitra ny ranonorana farany. Manana fiantraika mitovy amin'izany ity fanambarana anankiray hafa ity:

“Raha mitady an’ Andriamanitra handraisana ny Fanahy Masina isika, dia hiasa fahalemem-panahy, saina mietry, fiankinana iniana amin’Andriamanitra ho amin’ny ranonorana farany, hitondra fahantterahana. ao amintsika izany “- Mrs E. G. White, Review and Herald, March 2, 1897.

Nefa tsy maintsy nahatafita ny tanjona rehetra sady nahatanty ny fitsapana rehetra, ka nandresy , alohan’ny handraisantsika ny ranonorana farany. Aoka anefa hotsaroan’ ireo matimaty misora-tena (ho olon’ Andriamanitra) fa “Mety hirotsaka amin’ny fo manodidina antsika izany, nef a tsy ho hitantsika na horaisintsika.”

## NY FIKOROROHANA

Voambolana mahazatra ny ankabeazantsika « ny fikororohana », nef a tsy betsaka no mahatsapa fa ny tsi-fandraisantsika feno ny toro-hevitry ny Vavolombelona Marina dia mametraka antsika ho anisan’ izay ho voakorohoroka any ivelany ary ho very mandrakizay..

«Tandremo mba tsy holavinareo Izay miteny. Fa izy ireo tsy afanandositra tamin’ny nandavany ilay nilaza ny tenin’ Andriamanitra taminy tety ambonin’ny tany, mainka fa isika raha miodina miala amin’Ilay avy any an-danitra. Izay nampihorohoro ny tany fahiny tamin’ny feony; fa ankehitriny Izy efa nanao teny fikasana hoe : Indray maka koa tsy ny tany ihany no hampihorohoroiko fa ny lanitra koa. Ary ny teny hoe indray maka koa dia manambara ny hanovana izay zavatra ampirohorohoroina , toy ny zavatra natao, mba haharetan’izay zavatra tsy ampirohorohina. » Heb 12 :25-27.

Jesosy no Vavolombelona Marina, ary raha mandà tsy hihaino sy tsy hanaraka ny feony miantso antsika hibebaka isika, araka izay asehon’ny toro-hevitra ho any Laodikia, dia tsy afaka banana anjara amin’ny « Fanjakana tsy azo ampirohorohoroina » isika.

Heveriko fa raha mba fantatsika ny havitsian’ ny olona handalo ny tafiotra farany, hamita ny asa, ary ho vonona hiakatra ho any an-danitra, raha ampitahaina, dia ho torna-kovitra isika. « Misy tafiotra miainga izay hampiolanolana sy hisedra mafy indrindra ny fototra ara-panahin’ ny tsirairay. Noho izany handosiro ny manorina amin’ny fasika, katsaho

ny vatomampy, aoka ho azo antoka ny fototra ataonareo. Manorena, eny manorena ho an'ny mandrakizay ! Manorena an-dranomaso, amin'ny fivavahana tsapan'ny fo. » -Test., Vol.5 . p. 129.

« Tamin'ny 29 novambra 1857, naseho ahy ny olon'Andriamanitra, ary hitako fa voahozongozona mafy izy. Nisy, nitalaho tamin'Andriamanitra, tamin'ny finoana mahery sy ny ranomaso ni-hatra aman'aina. Hatsatra ny endrin, sady ahitana soririty ny tebiteby lalina, maneho ny ady anaty atrehiny –Test., Vol. 1 p. 179.

Ho feno hafanam-po lalina isika raha mahita izany; handositra ny fihetsika tsy rototra, tsy miraika , ny fomba maivamaivana sy mamazivazy ka hanome lalana ny toetra mendrika sy matotra.

« Mitsahatra ny firavoravoana amin'ny ampongatapaka Tapitra ny tabataban'ny niravoravo, mitsahatra ny fifaliana amin-dokanga ... Tafalentika toy ny masoandro ny fifaliana rehetra ; voaraoka ny faharavoravoan'ny tany . Fahaoanana ihany no sisa ao an-tanàna, satria rava sady montsamontsana ny vavahady. Fa ao amin'ny tany, ao amin'ny olona dia toy ny amin'ny fikapohana hazo oliva, sy ny fitsimpontsimponam-boaloboka, rehefa tapitra ny andro fiotazana azy; » Isa 24:8-13

Rehefa ny zavatra tsy azo hozongozonina ihany ...no mitoetra” vitsy ny olona mpanarivo eto an-tany no ho tafajanona. Ho tahaka ny mandeha hitady voaloboka rehefa vita ny fiotazana; fa “hanandratra ny feony izy ka hioby, noho ny fahalehibiazan’ i Jehovah dia hiantso mafy eny amin'ny ranomasina izy”. Isa 24:14.

Izao no fotoana ahazoana fanandramana izay ahatonga antsika hiara-mihira amin'ireo olom-bitsy amin'izay fotoana izay.

Zavatra faran'izay lehibe ho an'izao tontolo izao ny fikororohana ny olon'Andriamanitra sy ny fanaovana ny fampitandremana farany; tsy maintsy arahin'ny hery izay tsy azon'Andriamanitra homena afa-tsy ho an'ireo nahazo fahafahana ary tsy azo hozongozonina ny fanehoana farany ny hafatra mitondra fahafahana. Amin'izay ihany vao ho afaka mazava handray fanapahan-kevitra farany izao tontolo izao sy ireo fiangonana nihemotra.

“Tsofy ao Ziona ny anjomara, ka manamasina andro fifadian-kanina, miantsoa fivoriana masina. Angony ny vahoaka, manamasina fiangonana, vorio ny loholona, .... Eo anelanelan'ny lavarangana fidi-

rana sy ny alitara, no aoka hitomanian'ny mpisorona , mpanao fanom-poam-pivavahana ho an' i Jehovah ka hanao hoe: Iantrao ny olonao Jehovah ô, ary aza avela ho latsa ny lovanao". Joela 2:15-17.

“Nanontaniako ny dikan’ny fikororohana hitako, ka naseho ahy fa ho vokatry ny vavolombelona mivantana avy amin’ny toro-hevit’Ilay Vavolombelona Marina ho any Laodikia izany. Hisy asany eo amin’ny fon’izay mandray azy izany, ka hitarika azy hanandratra ny faneva sy hanapariaka ny fahamarinana mivantana. Hisy tsy ahazaka io teny vavolombelona mivantna io. Hitsangana hanohitra izany izy, ary izay no ahatonga fikororohana eo amin’ny vahoakan’ Andriamanitra.”

—Test., Vol. 1, p. 181.

“Voasarika ny saiko ho eo amin’ireo antokon’olona hitako, izay voahozongozona mafy, ireo izay hitako talohan’izao faran’izay fadiranovana am-panahy, nitomany sy nivavaka. Nampitomboina avy roa heny ireo anjely mpiambina nanondidina azy, ary notaefiana fiadiana hatrany an-tampon-doha ka hatrany am-paladia izy.... Azony ny fandresena ka niteraka fankahasitrahana lalina indrindra, sy fifali-ana masina tao aminy izany. Nihena ny isan’io antokon’olona io, nisy voahozongozona niala tsy ho anisany. Izay tsy rototra sy tsy niraika, ka tsy niaraka tamin’izay nankamamy ny fandresena sy ny famonjena ampy hanaovany fitalahoana sy fitolomana nihatratr aman’aina, dia tsy nahazo izany, ary navela tao amin’ny haizina, saingy avy hatrany dia nefenoin’ireo hafa izay nifikitra tamin’ny fahamarinana ka niditra andaharana ny isany ..... Reko nilaza ny fahamarinana tamin-kery lehibe ireo voatafy fiadiana. Nisy vokany izany. Hitako ireo izay voafatotra noho ny vadiny, ary nisy zanaka voafatotra noho ny ray aman-dreniny. Izay nahitsy fo nefo voatana na voasakana tsy handre ny fahamarinana, ankehitriny dia mitana izany amim-kafanam-po. Lasa ny fahatahorana rehetra ny havany. Ny marina ihany no nasandrany. Mamy sy sarobidy noho ny aina izany .... Nanontaniako ny nahatonga io fiovana lehibe io. Nisy anjely namaly hoe “ Ny ranonorana farany, ny famelombe-lomana avy amin’ny fanatrehan’ ny Tompo, ny antso avon’ny anjely telo.”” —Test., Vol. 1, pp. 181, 182, 183.

Rehefa tsaroantsika fa tsy tonga afa-tsy amin’izay nandray feno ny toro-hevitra avy amin’Ilay Vavolombelona Marina io fanandramana io, ary tsaroantsika fa izay nitsipaka io toro-hevitra dia “navela

hofehezin' ireo anjely ratsy" ka very mandrakizay, dia azontsika antsaina ny mahatonga io hafatra io ho miezinezina, sy mahatahotra ." Ny hoe misy very tsy eo imason'ny olon' Andriamanitra io hafatra lehibe ho any Laodikia io, dia hita mazava satria:

"Miantso ny Tompo hisian'ny fanavaozana ny vavolombelona mazava nentina taona lasa maro izay. Miantso fanavaozana ny fiainana ara-panahy Izy. Natory ela ny herim-panahin'ny olony nefo tokony hisy fitsanganana avy amin'ny endriky ny fahafatesana" . –Test., Vol. 8. p. 297.

Hahafaly an'i Satana ny hisian'ireo hevi-dison' ny sasany izay nanao fanambarana ahatonga ny Hafatra ho any Laodikia hidika fa haloan'ny vavan' i Jehovah io antokom-pivavahana io, ka hisy fihet-sehana ara-pivavahana hafa hitsangana hamita ny asa, izay hanakona ny maha-zava-dehibe ny hafatra eo amin'ny tena rafitra misy azy. Handray ny toro-hevitr'Ilay Vavolombelona Marina ny fiangonana sisa, amin'ny maha-fiangonana azy, ary hanavao ny "heriny ara-panahy" izany ka hisy "fitsanganana avy amin'ny endriky ny fahafatesana." "Izaho Jehovah no hanafaingana izany fotoana izany".

"Ireo mpitandrina izay mitory ny fahamarinana ankehitriny dia tsy tokony hanao an-tsirambina ny hafatra miezinezina ho an'ny Laodikiana." – Test., Vol. 3, p. 257.

"Tsy maintsy hoentin' ireo mpanompon' Andriamanitra ho any amin'ny fiangonana matimaty io hafatra io. Tsy maintsy hanainga ny olony hiala ny fahazoany antoka fa tsy misy atahorany sy ireo fitaka mampidi-doza manoloana ny tena fijoroany eo anatrehan' Andriamanitra izany." Id., p. 259

"Tsy maintsy mahita ny hadisoany ny olon' Andriamanitra, ka hiroso hazoto ho amin'ny fibebahana, sy hanala ireo fahotana izay nitarika azy ho amin'ny toerana mahonena toy izao: fahantrana, fahajambana, fahoriania sy fitaka mahatahotra. Naseho ahy fa tsy maintsy ho velona ao amin'ny fiangonana ny vavolombelona notondroina. Izay ihany no hamaly ny hafatra ho any Laodikia. Tsy maintsy tsiniana ny ratsy, tsy maintsy antsoina hoe fahotana ny fahotana, ary tsy maintsy hosetraina haingana sy amin'ny fomba hentitra ny fahadisoana, ka hoesorina tsy ho eo amintsika amin'ny maha-vahoaka antsika." –Id., p. 260.

Izay manaraka feno ny toro-hevity ny Vavolombelona Marina, dia mazava ho azy fa hahita ny tenany eo amin'ny fahazavana marina, ka hankahala ny fitiavan-tenany sy ny fitiavany an'izao tontolo izao, noho izany dia hanohana feno ny asan' Andriamanitra izy ary ho betsaka ny hoenti-manana hamitana ny asan' Andriamanitra.

“Hoy Ilay Vavolombelona Marina: “Fantatro ny asanao”. Ilay anjely telo no mitarika vahoaka, isaky ny mandingana, miakatra hatrany hatrany. Hosedraina isaky ny mandingana ireo.”

Dia toa tonga tampoka ny manaraka:

“Ankasitrahan’ Andriamanitra ny drafity ny fahalalan-tànana ara-drafitra. Notondroina tamiko ireo andron’ny apostoly, ary hitako fa napetrak’ Andriamanitra ny drafitra tamin’ny firotsahan’ny Fanahiny Masina, ary ny fanomezam-pahasoavan’ ny faminaniana no nanomezany toro-hevitra ny vahoakany momba ny fahalalana tânana ara-drafitra.” – Test., vol. 1, p. 190.

Miantso fanomezana araka ny nitahian’ Andriamanitra antsika sy ny ampahafolony io rafitra io.

“Nihevitra drafitra Andriamanitra izay ahazoan’ny rehetra manome araka ny nitahiany azy ireo ary ahatonga ny fanomezana ho fahazarana, tsy ilâna antso manokana. Ireo izay afaka manao izany, nefà tsy hanao noho ny fitiavan-tenany, dia mandroba ny Mpamorona azy, izay nandrotsaka taminy izay hoenti-manana mba harotsaka eo amin’ny asany sy hampandroso azy. Raha tsy mbola manatanteraka ny drafity ny fahalala-tânana ny rehetra dia tsy hisy fahombiazana ny fanatanterhana ny fitsipiky ny apostoly.” - Test., Vol .3, p. 411.

Amin’ny fisandraisan’ Andriamanitra amin’ny Jiosy sy ny olony hatramin’ny andro farany, dia mitaky fahalalan-tânana ara-drafitra mifandrindra amin’izay miditra aminy Andriamanitra.” – Id. p. 405.

“Manome fanomezana ny Raïntsika izay any an-danitra ary mitaky amintsika ampahany haverina Aminy Izy, mba hisedrany raha mendrika ny hahazo ny fanomezana ny fiainana mandrakizay isika.” Id. p. 408.

Izay rehetra mandray ny toro-hevity ny Vavolombelona Marina dia hahajoro amin’izany fisedrana izany sy amin’ny hafa rehetra, satria –

“Hoy ny anjely: ‘hiasa akaiky kokoa hatrany Andriamanitra mba hisedrany sy hitsapany ny olony tsirairay’ .... Izay mahatanteraka ny lafiny rehetra, ka mahajoro amin’ny fisedrana rehetra, ka mandresy, na toy inona na toy inona sandan’izany, dia efa nanaraka ny toro-he-vitr’ Ilay Vavolombelona Marina, dia handray ny ranonorana farany, ary amin’ izany dia ho vonona hiakatra velona ho any an-danitra.”

– Test., Vol. 1, p. 187.

Mety mbola ho mambra ny fiangonana eto an-tany isika ary hiafy be ny amin’izany; nefà iza no sahy hilaza fa hahatratra ny tany nampanantenaina isika? Ny amin’ izany koa dia zahan-toetra isika “raha mendrika ny hahazo ny fanomezana ny fainana mandrakizay.”

“Mitsapa izay misora-tena ho tia Azy Izy amin’ny fametrahany izay hoenti-manana eo am-pelatànany ka zahany-toetra amin’ izany ahitany raha ny fanomezana no ankafiziny kokoa noho ny mpanome;”

– Test., Vol. 2, p. 660.

Tsy ho anisan’ny mahantra indrindra isika, satria “hampitombo ny fanananao ny fitahiako ary hanambe ianao.” 2 Kor 9:10.

“Ary Izay manome voa ho an’ny mpamafy sy mofo hohanina dia hanome sy hahabe ny voa afafinareo ary hampitombo ny vokatry ny fahamarinanareo” 2 Kor 9:10.

“Hampitombo ny vokatry ny fahamarinanareo” Mifamindran-dàlana ny fahalalan-tàhana sy ny fainana ara-panahy.

## NY VOLAMENA VOADIO TAMIN’ NY AFO

Tsy maintsy mitoetra eo amin’ny fitiavana avy any an-danitra avokoa izay ataontsika rehetra. “Ny volamena dia finoana sy fitiavana”. Tafiditra ao amin’izany sehatra izany ny fanomezan-tsiny atao amin’ny Laodikia: “Izay rehetra tiako no hanariko sy faizako” Matahotra aho sao matetika loatra no manana endriky ny fanamelohana ny fanomezan-tsiny ahy sy ny famaizana. Ny fahaizan-mandahatry ny anjely, ny fanomezam-pahasoavan’ny faminaniana, ny fahazoana ny zava-miafina, ny finoana mamindra tendrombohitra, ny fanomezana ny fananako rehetra ho an’ny malahelo, ary farany ny fahafatesan’ny maritiora, ny hany anton’izany dia ny fitiavana ireo fanahy efa ho

faty izay nitarika ahy hijaly ho azy, (matahotra aho) sao tsy mitondra soa ho ahy izany”.

“Tsy miahiahy foana ny fitiavana, fa mamestraka ny rafitra tsara indindra eo amin’ny antony manosika sy ny asan’ny hafa. Tsy hamelatra tsy amin’ny antony na oviana na oviana ny hadisoan’ny hafa ny fitiavana. Tsy mazoto mihaino ireo tatitra tsy mahasoa izy, fa mitady kosa izay hanehoana ao an-tsaina toetra tsara eo amin’ilay alaina baraka..... Tsy mizaka ny fahadisoan’ny hafa fotsiny ny fitiavana, fa milefitra amim-pifaliana kosa amin’ny fahoriana sy ny fahasahiranana aterak’izany fahari-po izany. Tsy ‘ho diso’ na oviana na oviana izany fitiavana izany’.... Harena sarobidy izany ka hoentin’izay manana azy hiditra ny vavahadin’ny tanànan’ Andriamanitra.... Indrisy fa maivana manao ahoana no fiheverana izany harena sarobidy izany ary zara raha katsahina eo amin’ny olona maro manaiky ny finoana.

“ –Test., Vol. 5, pp. 168, 169.

## NY ODI-MASO

“Ary noho izany mifalia, ry lanitra sy ianareo izay monina ao aminy. Loza ho an’ny tany sy ny ranomasina! Fa nidina ho aminareo ny devoly sady manana fahatezerana lehibe, satria fantany fa kely sisay ny androny.” Apok. 12:12.

Mahonona tena, miambena, fa ny devoly fahavalonareo mandehadeha tahaka ny liona mierona mitady izay harapany.” 1 Pet 5:8.

Tsy tokony hankalaza ny herin’ i Satana, ny fahaizany sy ny hafetseny isika; tsy tokony “tsy ahafantatra koa ny famitahany anefa isika”. Fa “na dia olom-boafidy aza dia hofitahiny” raha azo atao, ary tsy hisy maso marary ara-panahy ho afa-mandositra ny famitahany. Tsy maintsy ampiasaina ny odi-maso.” Miverimberina miteny aminao ny feo avy any an-danitra. Hankato io feo io ve ianao? Hanaraka ny toro-hevitr’ Ilay Vavolombelona Marina ve ianao, ka hikatsaka ny volamena voadio tamin’ny afo, ny fitafiana fotsy, ary ny odi-maso? Ny volamena dia finoana sy fitiavana, ny fitafiana fotsy dia fahamarinan’ i Kristy, ny odi-maso dia fahazavan-tsaina ara-panahy izay ahazonao mahita ny fandrik’ i Satana sy miala amin’izany, hamantatra

ny fahotana ka hankahala izany, hahita ny fahamarinana ka hankato azy.” – Test., Vol. 5, p. 233.

“Ary hisy mpaminany sandoka maro hitsangana ka hamitaka ny maro”.

Nandritra ny taona nifandimby dia betsaka ny fitaka niseho teo anivontsika, ary maro no voafitaka. Tao amin’ilay fihetsehana farany indrindra, izay azo lazaina fa mbola miseho, dia maro ny olona tsara no voafitaka. Na dia ireo mpiasan’ny filazantsara aza dia voababon’ny hafetsen’ i Satana. Raha nampiasaina ny fanafody ho any Laodikia, dia tsy ho tafiditra tao amin’ io fanandramana mampalahelo io isika. “Ny odi-maso no fahazavan-tsaina ara-panahy izay ahazoanao maitita ny fandrik’ i Satana sy miala amin’izany”. Tsy misy, na dia iray aza tokony hirehareha fa nandositra ny fandrika manokana ataon’ny devoly. Tsy voafetra ho amin’ny plana tokana ny fandrika ataony. Misy hafa.

“Aoka tsy hisy hamitaka ny fanahiny ny amin’izany, raha maneho avonavona ianao, fiheveran-tena ho zavatra, fitiavana hanjaka amampahefana, voninahitra tsy misy antony, hambom-po tsy masina, fimonomononana, tsy fahafaham-po, fangidiana, fitenenan-drasy, lainga, fitaka, fosafosa, dia tsy mitoetra ao am-ponao Kristy, ary hita mazava fa manana ny saina sy ny toetra amam-panahin’ i Satana ianao, fa tsy ny an’ i Jesosy Kristy, izay malemy fanahy sady tsy miavona am-po... Mety ho tsara ny fikasanao, ho tsara ny antony manosika anao, mety hiteny ny fahamarinana amin’ny fomba mazava ianao, nefo tsy mendrika ny fanjakan’ny lanitra ianao.” T.M. p. 441.

Mety ho tsara ny fikasantsika, ho tsara ny antony manosika antsika, mety hiteny ny fahamarinana amin’ny fomba mazava isika, nefo raha tsy nampiasantsika manokana ny odi-maso dia mety mamitaka ny fanahintsika isika ka ho very.

## NY FITAFIANA FOTSY

Tsy menatry ny filazantsara i Paoly, “fa amin’izany no anehoana ny fahamarinana avy amin’ Andriamanitra”.

Nanana hafarea fampitandremana ho an’izao tontolo izao i Noa.

Tsy nisy voavonjy izay rehetra nandà io hafatra io; aey heveriko fa betsaka ireo hafatra nanaitra notoriany momba ny ilàna hy hidirana ao amin'ny sambo fiara, raha tsy izany dia ho very; nefà rehefa nataon'ny Apostoly Paoly indray mitopi-maso ny asany ao amin'ny Hebreo 11:7, dia voalaza fa: “izany no nanamelohany izao tontolo izao sy nahatongavany ho mpandova ny fahamarinana araka ny finoana”. Raha tsy ny fahamarinana avy amin’ Andriamanitra ampi-harina amin’ny alalan’ny finoana, dia tsy ho nampitandrina an’izao tontolo izao ny fitoriany, na dia marina ara-poto-kevitra aza. Toy izany koa ny “Filazantsara mandrakizay” ao amin’ny Apokalypsy 14. Tsy maintsy miaraka amin’ny herin’ny filazantsara –, dia ny fahamarinana avy amin’ Andriamanitra, ny fampitandremana. Ary izao no valiantsika:

Betsaka ny olona nanoratra tamiko, nanontany raha ny hafatry ny fanamaeinana amin’ny finoana no hafatry ny anjely telo, ary izao no navaliko: ‘Tena io marina no hafatry ny anjely telo’” – R. H., April 1, 1890.

“Ny hafatra baikon’ Andriamanitra hoentina ho an’izao tontolo izao, dia ny hafatry ny anjely telo izay hotoriana amin’ny feo avo, ary arahin’ny ny firotsahan’ny Fanahiny be dia be. Izany no teny vavolombelona tsy maintsy hoentina manerana an’izao tontolo izao antsakany sy andavany. Maneho ny lalàna sy ny filazantsara izany, ka mampiray azy ho vondrona iray.” –Special Test. To the Battle Creek Churxh, pp. 36, 38.

Mety nitory ny fahamarinana amin’ny finoana amin-kery lehibe ny hafa, ary tena nanao tokoa. Nanao izany ireo mpanavao fivavahana ka nanopaka ny herin’ny rafitra papaly; fa ny fahamarinana amin’ny finoana izay mampiray ny lalàna sy ny filazantsara “ho vondrona iray”, no takiana amin’ireo izay hamita ny asan’ Andriamanitra eto antany. Ny fahamarinana amin’ny finoana ao amin’ny tolo-tsaina ho any Laodikia dia tsy azon’izay mitsipaka ny lalàna sy ny Sabata toriana amin’ny hery nanpanantenaina; fa “tonga izao ny tena fahazavana.” Tsy hahomby koa ny fitoriana ataon’ireo izay manaiky ny fitakiana mampivondrona avy amin’ny lalàna, nefà tsy maneho eo amin’ny fainany ireo foto-keviny madio sy masina.

“Ny hafatry ny fahamarinan’ i Kristy dia tokony hanakoako avy amin’ny faran’ny vazan-tany iray ho amin’ny anankiray hanomana ny lâlan’ i Jehovah. Izany no voninahitr’ Andriamanitra izay mamarana ny asan’ny anjely telo”. – Test., Vol. 6, p. 19.

Ny antso avon’ny anjely telo dia nanomboka tamin’ny fanambarana an’io fahamarinana lehibe momba ny fahamarinana amin’ny finoana io, ka hifarana amin’ ilay anjely ao amin’ny Apokalypsy faha-18 izay hampiray ny feony amin’ny anjely telo manao ny antso farany hivoaka avy ao Babylona.

“Tonga eo amintsika indrindra ny fisedrana, satria efa nanomboka ny antso avon’ny hafatry ny anjely telo tamin’ny fanehoana ny fahamarinan’ i Kristy, Ilay Mpanavotra mamela heloka. Io no fiantombohan’ny fahazavan’ilay anjely izay hameno ny tany manontolo ny voninahiny”. –Mme E; G. White in R: H, Nov. 29, 1892. (Mikasika ny favoriana teo Minneapolis, 1888).

Herintaona tao aorian’ny favoriana tao Minneapolis dia toy izao no fanambarana nanaitra nataon’ i Mme White tao amin’ny Review and Herald, 3 Sept., 1889: “Very tsy eo imason’ny olona maro misora-tena ho mino ny hafatry ny anjely telo ny foto-pinoana momba ny fanamarinana amin’ny fninoana.... Tsy misy iray amin’ny zato no mahazo ho an’ny tenany ny fahamarinana ara-Baiboly momba io loha-hevitra io izay tena ilaina tokoa ho antoky ny fainana ankehitriny sy ho mandrakizay.”

Ny tsy fahazoana mahatakatra io fahamarinana iankinan’ny aina io “ho an’ny tenantsika” no mampihemotra ny fiavian’ny Tompo. Eo indrindra no mahatonga antsika ho “mahantra, sy ory, sy malahelo, sy jamba, ary mitanjaka;” ary afa-po amin’ny fahantrantsika.

Roa taona tao aorian’ny favoriana tany Minneapolis dia nanoratra ny anabavy White hoe: “Hatramin’ny favoriana tany Minneapolis dia hitako ny toetry ny fiangonana ao Laodikia mihoatra noho ny tany aloha. Reko ny fanamelohana nataon’ Andriamanitra, nambara tamin’ireo izay nahatsiaro ho tena afa-po, izay tsy mahalala ny fah-antrany ara-panahy.”

Antenain’ Andriamanitra isika ahafantatra ny fahantrantsika ara-panahy, satria andefasany hafatra manambara izany isika. Aoka tsy hisy hiezaka hiafina ao amin’ny tsi-fahalalàna momba izany.

Manondro izay rehetra manao izany ny fanondron' Andriamanitra ary miteny Izy hoe: " Ianao no izy".

Telo ambinifolo taona tao aorian'ny fivoriana tany Minneapolis, tao amin'ny fivorian'ny Fivoriambe eran-tany tamin'ny 1901, dia toy izao no nambaran'ny anabavy White:

"Mahaliana manokana izay hetsika sy fanapahan-kevitra hotapahina mandritra ity Fivoriambe ity mikasika ireo zavatra efa tokony ho natao, taona maro lasa izay, ary folo taona lasa izay amin'ny fomba manokana, raha tao amin'ny fivoriambe isika, ka nidina tao amin'ny fivorantsika ny Fanahy sy ny herin' Andriamanitra, ho vavolombelona fa vonona ny hiasa ho an'ny olony Andriamanitra raha mety miditra ho amin'ny drafitra hiasa izy, nefà, ... tsy nam-piasaina ny fahazavana nomena....niverimberina isan-taona ihany io fampahafantarana io, saingy tsy notenomina hiray amin'ny asa ireo foto-kevitra mampientanentana ny olona..... . Mahagaga ahy ny hijoroantsika amin'ny fahombiazana toy izao ankehitriny. Noho ny famindram-pon' Andriamanitra lehibe amintsika izany, fa tsy noho ny fahamarinantsika, mba tsy ho afa-baraka eo amin'izao tontolo izao ny anarany". – Gen Conf. Bulletin, April 3, 1901.

Misy loza lehibe iray hafa koa ity – ny fanekena ny fahazavana nefà ny tsy fampiasana izany.

Hoy ny mpitarika iray nanana ny maha-izy azy tao amin'io fivoriambe tamin'ny 1901 io: "Maro amin'izay ato amin'ity fivoriana ity no afaka mahatsiaro..... fa telo ambinifolo taona lasa izay, tany Minneapolis, dia nandefa hafatra ho an'ny olony Andriamanitra hanafahana azy amin'io fanandramana io (voalaza teo aloha). Nanao ahoana ny tantaran'ity vahoaka ity sy ity asa ity hatramin'izany fotoana izany? Aiza ho aiza no misy antsika izao raha io hafatra io no lazaina? Hatraiza no nandraisana io fahamarinana io- tsy hoe nekena fotsiny, fa tena noraisina? Tsy lasa lavitra, hoy aho aminareo. Satria notsipahina io hafatra io nandritra ireo telo ambinifolo taona lasa izay, ary maro no nitsipaka sy nanohitra izany, ary mitsipaka sy manohitra izany: ary izao lazaiko amin'izay rehetra manao izany: 'Koa tandremo fandrao hihatra izay voalaza eo amin'ny mpaminany hoe: Izahaonareo mpamofitsifotsy, dia gagà, ka levona". – Gen. Conf. Bulletin, Ap. 18? 1901, p. 321.

Azo antoka fa mety mihetsi-po isika manontany hoe: Nisy fiovana nirosoana ve hatramin'izay? Ary misy fandrosoana ve ataoko eo amin'ny fanandramana momba ity toro-hevitra avy amin'Ilay Vavolombelona marina ity? Gaga aho raha mbola afa-po ihany isika ka tsy mahalala ny fahantrantsika eo amin'ny ara-panahy? Aoka isika hihaino ny tenin'Ilay Vavolombelona marina ka tsy hangatak'andro; io mantsy no mampiseho ny fahantrantsika eo amin'ny ara-panahy sy ny fanafody natao ho an'izany.

“Ny fahamarianan’ i Kristy no mialoha antsika, ary io no voninahitr’i Jehovah izay ho valisoantsika.Ianareo, fiangonan’ Andriamanitra velona, diniho io teny fikasana io, ary fantaro fa ny tsi-fisian’ny finoana ao aminareo, ny fahabangan’ny fiaainana ara-panahy, ny herin’ Andriamanitra, no manakana ny fiafian’ny fanjakan’ Andriamanitra. “ – Test. Vol. 6, p. 438.

Nanontaniana aho hoe: Raha tsy fantantsika ny momba antsika, ahoana no hanomezan-tsiny antsika, ary ahoana no ahafahantsika? Hoy ny navaliko: Raiso ny Hafatra notendren’ Andriamanitra hamohazana antsika – ny Hafatra ho any Laodikia, ary amin'ny fanahy manetri-tena sy amin'ny fileferana tsy misy fepetra amin' Andriamanitra, dia raiso amin'ny teniny Izy, inoy izay lazainy momba anao: “ Fa raha misy olo-mahantra dia ianao – mahonena, jamba, mitanjaka.” Dia ekeo ny toro-hevit’ Ilay Vavolombelona marina. “Manoro-hevitra anao Aho hividy Amiko volamena voadio tamin’ny afo, mba hanan-karena ianao; sy fitafiana fotsy hotafianao, mba tsy hisehoan’ny henatrazao; ary odi-masso hahosotrao ny masonao mba hahiratanao.” Eo auin’io fifandraisana io, dia voahidy ara-bakiteny ao amin' Andriamanitra ianao. Tsy mahatratra anao i Satana. “Misy vavolombelona eo anilantsika, mpitondra hafatra avy any an-danitra, izay hanangana ho antsika faneva eo anoloan’ny fahavaloo. Hanarona antsika amin'ny taratra mamilapiratry ny Masoandron’ny Fahamarinana izy. Tsy afaka mihoatra izany i Satana. Tsy tafatsofony io ampingan’ny fahazavana io.” HF 145.1

Mampiasa ny heriny rehetra i Satana tsy ahitantsika sy tsy hanekentsika ho an’ny tenantsika io fahamarinana mirakitra fitahiana io. Mazava ho azy fa tsy tiany ho voaaro tanteraka amin'ny heriny isika.


Sarobidy izany hoe isaina ho antsika, tsy noho ny fahamendrehana avy aty amintsika ny fahamarinan' i Kristy, fa fanomezana maimaimpoana avy amin' Andriamanitra. Tsy tian'ny fahavalon' Andriamanitra sy ny olona haharihary io fahamarinana io; satria fantany fa raha raisin'ny olona feno izany, dia ho tapaka ny heriny".  
– G. W., p. 161.

"Tsy tian'i Satana haharihary io fahamarinana io." Aoka kosa isika hangataka amin-kafanampo amin' Andriamanitra mba ho afaka hampibaribary izany. Ary tsy maintsy mangataka amin' Andriamanitra isika e, satria tsy ho afaka hampibaribary izany velively isika raha tsy mivelona ny fahalàlana azy, ary "hivarotra ny fanana rehetra dia hividy izany saha izany." Mitaky ny zava-drehetra Izy. Rehefa voasarika hilefitra amin'ny fitakiany isika ka mahafoy ny zava-drehetra, dia amin'izay fotoana izay, ka tsy hialoha izany mihintsy, vao hanatsotra ny sandriny amim-pamindrampo hamihina antsika Izy." (Ho koboniny ao Aminy isika). Test., Vol. 1, p. 160.

Mampididoza ny firoroam-po, kanefa mandroso ny fotoana. "Tsy manam-potoana hoverezina isika. "Aza mitaredretra." Efa voaomana ny zava-drehetra satria "tsy avy amin'ny nofo ny fiadian'ny tafikay, fa mahery amin' Andriamanitra handrava ny fiarovana mafy; fa mandrava ny fisainana sy ny zavatra avo rehetra izay atsangana hanohitra ny fahalàlana an' Andriamanitra izahay ka mamabo ny hevitra rehetra hanaiky an'i Kristy." 2 Kor. 10: 4, 5.

Ndeha ary "haharihary izany" ka atao kisary.

### NIOVA FO NOHAMARININA



Ilay tsoraka mijidina dia manondro ny fotoana niovako fo. Ni-bebaka ny fahotako marina tokoa aho, izany hoe nanary izany koa. Noho ny fahefan'ny tenin'Andriamanitra dia fantattro fa voavela ireo. Inona koa no mety ho fantattro momba io fahefana io? Ny fahamarinan'i Kristy dia isaina ho ahy ary mandrakotra ny lesoka rehetra hattrizay ka hattrizao. Rom. 3: 25. Nohamarinina amin'ny finoana aho. Azoko ny alàlana ho any an-danitra. Raisiko avy hatrany io alàlana io raha vao iny aho ka milefitra tanteraka no sady mino ny teny fikasan'Andriamanitra. Noho ny finoana dia eto ampelatanako ny zava-drehetra takian'ny lanitra, ary tsy hanan-javatra hafa tsara kokoa noho io mandrakizay aho. Ny hany sisa tokony hataoko dia ny maneho eo amin'ny fiainako an-davanandro izay noraisiko tamin'ny finoana. Olona tsy mendrika, tsy misy soa ho raisina aminy, mpanota tsy manan-katoraka, ory sy mahantre sy malahelo sy jamba ary mitanjaka, kanefa mitafy ny akanjom-pahamarinana'Andriamanitra, dia ny toeny, ny fiainany, "Amin'ny lâlan'ny fahamarinana no misy fiainana, Ary ny tsi-fahafatesana no lâlan-kalehany." Niova-fo aho ary nohamarinina noho ny finoako. Ho tanako ve izay azoko? "Kanefa, na dia marina aza Andriamanitra no sady manamarina ny mpanota noho ny fahamendrehan'i Kristy, dia "tsy misy olona afaka hanafy ny fanhiny amin'ny akanjom-pahamarinan'i Kristy no sady "mikiry manao ny fahotana efa fantattro na manao an-tsirambina ny adidy fantattro fa tokony atao." Mitaky ny fileferan'ny fo tanteraka Andriamanitra izay vao afaka hihatra ny fanamarinana. Ary raha tiako ho tànana ny fahamarinana dia tokony hisy fankatoavana mandrakariva haseho amin'ny alàlan'ny finoana velona sy miasa izay manatanteraka asa am-pitiavana ary manadio ny fanahy." E.G. White, in R.H., Nov.4, 1890.

O, manahy aho fa misy olona maro voasoratra ao amin'ny bokim-piagonana izay tsy niova-fo tanteraka velively.

Fony aho vao nanomboka niasa, mialohan'ny fansorana ahy, dia namaky fanambarana avy amin'ny Anabavy White izay nahalasa fisainana ahy mafy mihintsy aho. Inty izany: "Sittrak' Andriamanitra raha miova-fo ny vahoakany amin'izao taona 1900 izao." Tsy nam-poiziko mihintsy hoe tokony hiova-fo ny mambran'ny fiangonana.

Ireo tany hivelan'ny fiangonana no noheveriko fa tokony hiova-fo. Kanefa rehefa mazava kokoa ny fandehan-javatra dia voatery aho hino fa sivy amby roam-polo taona taty aoriana ny nanoratana io fanambarana io dia mbola misy ihany ireo tsy niova-fo ato amin'ny fiangonana.

“Ny fahamarinana izay manamarina antsika dia nohisaina ary ilay fahamarinana manamasina antsika kosa nozaraina. Ny iray dia alàlantsika ho any an-danitra ny iray kosa fahafahantsika hiaina any an-danitra.” E. G White, in R.H., Jona 4, 1895

Jereo indray ilay kisary ary mariho ilay teboka misy ny fiovampoko. Eo indrindra aho no mahazo ny alàlana ho any an-danitra, dia ilay fahamarinana isaina. Mazava ho azy fa tsy maintsy tànako io alàlana io. “Koa tahaka ny nandraisanareo an’i Kristy Jesosy Tompo, dia mandehana ao aminy araka izany koa,” Kol. 2:6. “Izay rehetra mitoetra ao aminy dia tsy manota” 1Jao 3:6. Izay indray kosa no fanamasinana na ny fitànana ny fanamarinana eo amin’ny fiainana andavanandro: fanamarinana amin’ny finoana amperin’asa. Hahatontosa izany dia zaraina ny fanamarinana, ary, mazava ho azy, fa raha sendra manota indray aho, dia isaina indray io fahamarinana io noho io ota io, dia tahaka ny tamin’ireo otako rehetra fony aho niova fo, raha toa tontosako ny anjarako tahaka ny nataoko fe izay. ‘Ny fanamarinana izay manamasina antsika dia hafàtra’ ary “mampiendrika antsika ho any an-danitra.” Dia ho miendrika ny lanitra ve aho raha toa ka tsy mahatana ny alàlako ho any an-danitra? Noho izany, ilay hany fotoana tsy hirakofako ny fahamarinan’i Kristy dia ilay fotoana, sanatria anie izany, izay hamikirako amin’ny ota, satria “tsy misy olona afaka hanafy ny fanahiny amin’ny akanjom-pahamarinan’i Kristy no sady mitohy manao ny fahotana nahazatra, na manao antsirambina ny adidy fantatra fa tokony atao”

Nisy nanontany aho hoe oviana no nisisika io toetra matimaty io, ary koa rahoviana no horaisina ny toro-hevitra avy amin’ Ilay Vavolombelona Marina? Valiako hoe, ny isambatan’olona no hifandaharan’ Andriamanitra ary ny zaran’ny tsirairay manoloana an’Andriamanitra dia hafàtra amin’ny fifamatoran’ny fiainany amin’Andriamanitra noho ny finoany an’i Jesosy. Rehefa mamotsitra ny famaharany amin’Andriamanitra ny finoan’ olona iray dia izay izy no ilay “ory

sy mahantra sy malahelo sy jamba ary mitanjaka”, ary mitoetra eo izy mandra-pamaharan’ny finoany indray amin’Andriamanitra, re-hefa tontosa ny fileferana sy ny fibebahana tsy maintsy atao indray. Mimirapiratra eo amintsika ireo fahazavana voangona nandritry ny taona maro nifandimby, ary efa natolotr’Andriamanitra avokoa izay rehetra ilaina mba handresena. “Isaorana anie Andriamanitra izay mahatonga antsika handresy mandrakariva ao amin’i Kristy.” Noho io fahazavana sy io teny fikasana io dia tsy misy fialan-tsiny intsony ho an’ny fahalavona sesy lany eo amin’ny fiainana. Anky tokoa moa, tsy misy fialan-tsiny intsony na dia ho an’ny fahalavona iray tamingana aza, na koa fialokalofana ao ambadiky ny tsy-fahalalàna. “Raha toa Jesosy ka nanaiky fa azo hialan-tsiny ny fahotana dia ho nandresy i Satana.” “Ary tahaka Azy ao amin’izao tontolo izao dia tahaka izany koa isika.” Tokony hitarika antsika hitomany, hitoreo ary hifady hanina ny fahalavona. Rahoviana kosa ary isika no hitafy ny akanjom-pahamarinana ka “tsy ho voaloton’ny fahalovan’izao tontolo izao intsony mandrakizay?” “Tsy misy hahitan’ny mpanota fanantenana sy fanamarinana afa-tsy amin’Andriamanitra, ary tsy misy olombelona mety ho marina ankoatry ny fotoana hinoany an’Andriamanitra sy hihazonany fifandraisana mitondra aina Aminy.

“T. M., p. 367

## NY ASA FANOMBOHAN-KASE

“Rehefa afaka izany, dia hitako fa, indreo, nisy anjely efatra nit-sangana teo amin’ny vazan-tany efatra, nihazona ny rivotra efatra amin’ny tany, mba tsy hisy rivotra hitsoka amin’ny tany, na amin’ny ranomasina, na amin’ny hazo akory aza. Ary hitako fa, indro, nisy anjely hafa koa, niakatra avy tamin’ny fiposahan’ny masoandro, na-nana ny fanombohon-kasen’Andriamanitra velona; ary izy niantso ny anjely efatra izay navela hanimba ny tany sy ny ranomasina tamin’ny feo mahery nanao hoe: Aza manimba ny tany, na ny ranomasina, na ny hazo mandra-panisinay tombo-kase eo amin’ny andrin’ny mpanompon’Andriamanitsika.” Apokalipsy 7:1-3.

Tsy zava-poana akory ny nobaikon’Andriamanitra ny anjely

hihazona ny rivotry ny ady eto amin'izao tontolo izao “mandrapanisy tombo-kasen’Andriamanitra velona ny mpanompony.” Zovy no afaka hanambara hoe hatry ny oviana no efa tokony ho vita ny asan’Andriamanitra raha toa koa nivonona handray ny tombo-kase ny vahoakany? “Inay anie notanterahan’ny vahoakany ny fikasan’Andriamanitra ka nomeny izao tontolo izao ny hafatry ny famindram-po, dia ho efa tonga teto an-tany i Kristy ka noharahabaina tao an-tanànan’Andriamanitra ireo masina.” – Test., Vol. 6, p. 450.

Toa miara-dia amin’ny Sabata ny tombo-kase, satria ao amin’andalantsoratra iray ao amin’ny Review and Herald, Jona 14, 1906, nosoratan’ny anadahy J.N. Loughborough, dia izao no voalazany:

“Nilaza momba ireo nandray ny hafatry ny fanombohan-kase ny anadahy Bates, tao amin’ny trakta iray. Tamin’ny Nov. 18 1884 no nisian’ilay fihaonana, ary izao no nambarany momba io fihaonana io: ‘Nisy fivoarian’andian-drahalahy sy anabavy vitsy-vitsy tao Dorchester, akaikin’i Boston, any Massachusset. Natao antom-bavaka tamin’izany ny fampielezana ilay hafatra (hafatry ny fanombohon-kase), satria tsy nazava tsara taminay ny fomba hampielezana izany, ary niara nanaiky izahay fa avela tanteraka amin’Andriamanitra izany. Rehefa nandany fotoana maro-maro nivavaka tamin-kafanam-po hahazo hazavana sy toro-làlana izahay dia nomen’Andriamanitra izao fahitana manaraka izao ny Anabavy White:

“Nilaza momba ny fahamarinana momba ny Sabata izy ka nanambara fa: ‘misonga io fahamarinana io, ary mitombo miha-mahery hatrany hatrany. Indro ny fanombohon-kase! Avy izy izao! Misonga avy amin’ny fiposahan’ny masoandro. Toy ny masoandro no fiposahany, mamanara aloha dia vao mitombo mihamafana, ary mandefa ireo tanamasoandrony.’

‘Mihazona ny rivotra efatra ny anjely. Andriamanitra no mamihina ireo hery. Tsy mety mamotsitra ny anjely satria tsy mbola voatombo-kase avokoa ny masina rehetra.

‘Efa nanomboka ny andro-mahory. Nanomboka tokoa. Ny antony tsy namotsorana ny rivotra efatra dia satria tsy mbola voatombo-kase avokoa ny masina rehetra.’

‘Rehefa hitsangana i Mikaela dia mby manenika izao tontolo izao izay ny andro-mahory. Indro efa vonona ny hitsoka izy ireo (ireo rivotra), kanefa

hahato satria tsy mbola voatombo-kase avokoa ireo masina rehetra.”

Tsy milaza akory izany fa ny fitandremana ivelany ihany ny Sabata no tombo-kase. Rehefa avela hiasa hanova tanteraka ny fainana anefa ny herim-mpanavaozan’ny Fanahy Masina, ka miasa ao amin’ny fainany ireo foto-kevitra masin’ny lalàn’Andriamanitra, ary famantarana izany ny Sabata, dia ho afaka hanisy ny tombo-kase fanekena amin’izany olona izany Andriamanitra, ho voninahitry ny Anarany.

“Tsy voatombo-kase avokoa ny masina.” Mety ho halaim-panahy eto ny mpamaky hanomban-tombana mikasika ireo 144 000. Aoka ho tsia. Ny adidiko dia tsy mikasika izay ho anisan’io isa masina io. Ny ahy dia ny hahatakatra ny foto-kevitra tafiditra ao amin’ny asa fanombon-kase, sy ny momba ny fiomanana feno hahazoana ilay tombo-kase.

“Raha ny mikasika ny tena hevitra ny isa 144 000 dia namerim-berina tamintsika ny Anabavy White fa “Teny folo, kabary arivo, ny mangina volamena.”

‘Efa nanomboka ny andro-mahory. Nanomboka tokoa...Rehefa hitsangana i Mikaela dia mby manenika izao tontolo izao izay ny andro-mahory.’ Rehefa mitsangana i Mikaela dia nifarana izay ny androm-pahasoavana. Manomboka ireo loza fito farany ka ireo izay tsy nahazo ny tombo-kasen’Andriamanitra dia hisetra tsy misy fiarovana izany andro mahatsiravina izany. Nambaran’Isaia Mpaminany io fotoana io sy ny fiarovana ho azon’ny vahoakan’Andriamanitra.

“Ary izay sisa any Ziona sy izay mbola mitoetra any Jerosalema dia hatao hoe masina, Dia izay rehetra voasoratra ho isan’ny velona any Jerosalema [efa vita ny fitsarana ny velona ]. Isaia 4:3. Mariho kosa ary izay nitranga tao Ziona (ny Fiagonana).

“Rehefa voasasan’ny Tompo ho afaka amin’ny fahalotoany ireo zanakavavin’i Ziona, ary rehefa voadion’ny fanahy fitsarana sy ny fanahy fandringanana Jerosalema, ho afaka amin’ny ran’olona nalsatsany.”

Voalaza ao amin’ny andininy fahadimy ny fiarovana izay ho azon’ny vahoakan’Andriamanitra mandritra ny loza. “Ary Jehovah hamorona rahona sy setroka raha antoandro Sy fahazavan’ny afo midedadeda nony alina Ho eny ambonin’ny fitoerana rehetra any an-tendrombohitra Ziona sy ho eny ambonin’ny favoriany rehetra:

ary eny ambonin'ny voninahitra rehetra dia hisy eloelo.”

Tsy fotoam-pisalasalana na fiazoazoana na maha- sakodiavatra izao. “Raha Jehovah no Andriamanitra, manaraha Azy; fa raha Bala kosa, dia manaraha azy.” Ireo izay misalasala, ireo izay miazoazo, ireo izay sakodiavatra dia tsy hanan-kialofana amin’ny fifofofon’ny hatezeran’Andriamanitra.

“Mampiasa ny fomba rehetra Satana amin’izao fotoan’ny fanom-bohon-kase izao mba tsy hahitan’ny vahoakan’Andriamanitra ny fahamarinan’izao andro izao ka hahatonga azy ireo hihevaheva. Hitako nisy firakotra nasalotr’Andriamanitra ny vahoakany mba hiarovana azy ireo amin’ny andro mahory. Rehefa mety ho fanahy nanampan-kevitra ho amin’ny marina dia voasaron’io firakotra avy amin’Andriamanitra, Tompon’ny hery.io” E.G., p. 43

“Niezaka nampiasa ny fara heriny Satana mba hihazonana azy ireo eo tamin’ny toerana nisy azy mandra-pahavita ny fanombo-hon-kase, mandra-pandrakotra ny vahoakan’Andriamanitra, dia ho tavela tsy nisy fialofana izy ireo, hiaro azy amin’ny firehetan’ny hatezeran’Andriamanitra, mandritra ny loza fito. Efa nanomboka nandrakotra ny vahoakany Andriamanitra, ary kely sisa dia hovoarakotra daholo ireo izay tokony hahazo fialofana amin’ny andron’ny fandringanana. “ E.W., p. 44.

Ireo izay voaaro toy izany dia tsy ho voafatotra eto amin’ity tontolo ity “na dia amin’ny tapa-kofehy kely iray aza”. Manahy aho fa be ireo izay mahafantatra ny fampitandremana hentitra amin’ny fanompoana ny Bibidia, ny sariny ary ny mariny, kanefa dia miomanana handray io marika io. “Ireo izay miray amin’izao tontolo izao dia mandray lasitra avy amin’izao tontolo izao ary miomana ny handray ny mariky ny Bibi-dia. Ireo izay tsy miankina amin’ny tenany, dia ireo izay nampihetry tena manoloana an’Andriamanitra no sady nandio ny fanahiny amin’ny alàlan’ny fankatoavana ny marina, ireo kosa dia handray ny lasitra avy an-danitra koa miomana handray ny tombo-kasen’Andriamanitra eo amin’ny handriny.” Test., Vol. 5, p. 216.

Tsy azoko an-tsaina hoe mety hisy olona mandray ny tombo-kasen’Andriamanitra kanefa tsy rototra amin’izay takian’ny asa ankehitriny, raha etsy andaniny kosa anefa, misy tànana maro mane-

ran-tany mitsotra mangataka ny hazavan'ny hafatra farany.

Naseho ahy ity zavatra mampihorinkoditra ity fa Satana sy ny anjeliny dia manana fifandraisana be lavitra noho Andriamanitra amin'ireo mpitantana ny fananan'ireo milaza-tena ho vahoakan'Andriamanitra .

Tsy hendry ireo mpitantam-panàna amin'ny andro farany. Nekeny hifehy ny asa aman-draharahany Satana sady navelany handromba ireo fananan'Andriamanitra sy izay momba azy. Mandinika anareo Andriamanitra ry mpitantana tsy mahatoky: hampamoaka anareo Izy.” Test., Vol.1, pp. 199-200.

Ireo izay hamita ny asan'Andriamanitra dia hampiasa ny momba azy rehetra ho an'ny asan'Andriamanitra. Manahy aho anefa fa ny tsy fahatantesana io sedra io, izay mifototra amin'ny aty-fo tian-tenan'ny olona, dia hitarika ny faharinganana ny maro.

“Mitsapa sy misedra ny vahoakany Andriamanitra. Raha sendra misy tsy mifototra amin'ny asa ka tsy mitondra ny fanatiny ho an'Andriamanitra, dia ho vangiany. Ary raha toa ireo ka mitohy mifikitra amin'ny fitsiriritany dia ho havahany hiala avy tao amin'ny vahoakany.” Test., Vol. 1, p. 238.

Maro amin'ireo milaza-tena ho mpitandrina ny Sabata, eny koa na dia ireo mampianatra ny fahamarinana aza, no ho solafaka amin'ny farany. Maha- sakodiavatra loatra izany eritreritra izany! Marina tokoa anefa fa tokony hifanaraka amin'ny finoantsika ny asantsika.

“Tsy ireo rehetra milaza-tena ho mpitandrina ny Sabata akory no ho voatombo-kase. Maro aza amin'ireo izay mampianatra ny hafa ny fahamarinana no tsy handray ny tombo-kasen'Andriamanitra eo amin'ny handriny. Manana ny hazavan'ny fahamaranana izy, fantany ny sitrapon'ny Tompony, azony tsara ny antsipirihin'ny finoantsika, kanefa tsy mifanaraka amin'izany ny asany.” Test., Vol. 5, p. 213

Dia takatry ny mpamaky amin'izao, tsy misy ady hevitra, fa natao ho antsika tokoa ny hafatra ho an'i Laodikia, mba hanomana antsika ho amin'ny tombo-kasen'Andriamanitra, ary takany koa fa tsy maintsy mialoha ny ranonorana farany io fiomanana io.

“Tsy misy na dia iray aza amintsika no hahazo ny tombo-kasen'Andriamanitra kanefa mbola misy pentina na loto ny toeny. Anjarantsika ny manitsy ireo lesoka eo amin'ny toetsika, koa mana-

dio ny fanahy-tempoly amin'izay mety ho loto. Dia vao hirotsaka amintsika ny fara-orana toy ny nirotsahan'ny loha-orana tamin'ireo mpianatra tamin'ny andro pentekosta. Test., Vol. 5, p. 214.

Ireo izay nahatafita ny tanjona rehetra sady nahatanty ny fitsapana rehetra, ka nandresy, n'inona n'inona nety ho tambin'izany, dia nan-dray ny toro-hevity ny Vavolombelona marina, ka handray ny fara-orana izy ireo dia ho voaomanana hiakatra velona." Marina tokoa fa ilaintsika ny mandinika amim-bavaka mafana ny fanambara hentitra izay hifotoran'ny fiangonana."

## FOTO-KEVITRA ARA-PAHASALAMANA.

Satria ny manaraka ny toro-hevitr'Ilay Vavolombelona Marina dia midika hoe koa mandray ny fara-orana, hany ka vononana hiakatra velona- satria mialohan'ny fandraisana ny fara-orana dia tsy maintsy "nahatafita ny tanjona rehetra sady nahatanty ny fitsapana rehetra, ka nandresy, na inona na inona nety ho tambin'izany"- dia rariny loatra raha jerena miaraka amin'izany na dia indray mitopi-maso aza ny sedran'ny fitiavan-komana sy ny firehetam-po.

"Mandefasa mpiasa ho any amin'ny fiangonana hanazava amin'ny isam-batan'olona sy ny isam-pianakaviana ireo foto-kevitra mikasika ny fanavaozana ara-pahasalamana mifandray amin'ny hafatry ny anjely telo." Testimonies to Ministers, p. 416.

Ny fanaranam-po tamin'ny fanirian-kanina no nahaverezana ny Edena. Moa ve ny fanaovana gaboraraka amin'io lafin-javatra io dia mety hahazoana indray ny Edena? Lehibe lavitra noho ny fiheveran'ny maro azy ny dikan'ireo foto-kevitra ireo, ary amin'arivony ny tsy hahazo ny mandrakizay noho io anton-javatra io. Iray amin'ireo famanterana lehibe ny andro farany dia ny olona "hihinana sy hisotro, hampakabady sy hamaoka ny ampakarina '". Kely ny fanantenam-pandresena tanteraka raha toa ka tsy voafehy ny fitiavan-komana sy ny firehetam-po. Etsy andaniny kosa ny fihefehazana izany dia hanome antoka ny fandresena "ny fakam-panahy hafa rehetra."

Satria ny fanaranam-po teo amin'ny fanirian-kanina no nahaverezan'ireo razantsika ny Edena, dia ny fandresena hentitra

ny fitiavan-komana sy ny firehetam-po no hany fanantenantsika hahazo indray ny Edena. Fahalalàna onona eo amin'ny sakafary fifehezana ny firehetam-po no hiaro ny fiasan'ny saina sady hanome herin-tsaina sy hery-panahy ka dia ho afaka hametraka ny fironany rehetra eo ambanin'ny fahefana ambony indrindra ny olona, dia ho afaka hanavaka ny marina sy ny meloka, ny masina sy ny vanga.

“Amin’arivony ny olona no ho very vokatry ny herim-pifehezan’ny fitiavan-komana, anefa kosa raha nandresy izy ireo tamin’io ady io dia ho afaka nandresy ireo fakam-panahy hafa rehetra avy amin’i Satana. Ireo izay andevon’ny fitiavan-komana kosa dia tsy ary ho afaka hanatsara ny toeny kristianina... Arakaraky ny fahatomoran’ny fiafarany’ny andro anefa no hahamafy kokoa ny fakam-panahy avy amin’i Satana hanarampo amin’ny fitiavan-komana ary koa ny hahasaroatra kokoa ny fandresena izany.” Test., Vol. 3, pp. 491-49

Ny fahazaran-dratsy eo amin’ny fihinanana sy fisotro, ary raha ny marina aza dia ny momba ny fomba fiainana ara-pahasalamana rehetra, dia manakana ny fiasan’ny hafatra manomana antsika hiakatra velona. “Efa naseho ny fiangonana ny momba ny fanavaozana ara-pahasalamana kanefa tsy noraisina tamin-kafanampo ny fahazavana. Nanakana ny fiasan’ny hafatra izay tokony hanomana ny olona ho amin’ilay andro lehiben’Andriamanitra ny fanaranam-po feno fitiavan-tena sy manimba ny fahasalamana teo amin’ny lehilahy sy vehivavy. Ny fiangonana no maniry hery, ny fahamarinana nomen’Andriamanitra azy no tsy maintsy hiainany. Raha toa ka manao kinanga ny fahazavana nomena azy momba io resaka io ny mambran’ny fiangonana dia hijinja ny vokatra tsy maintsy hiseho izy amin’ny faharinganana ara-batana sy ara-panahy -. Test., Vol. 6, p. 370.

Tsy azontsika atao ny manalefaka ny herin-tsaintsika amin’ny fampanaranampon’ ny tena izay hahatonga antsika tsy ho afaka handajalanja tsara ny lafiny ara-panahy. Loza no vokatr’izany. Kanefa dia izany tokoa no ataontsika amin’ny tsy fanarahantsika ny foto-kevitra ara-pahasalamana. “Raha diso lèlana ianao ka mitoetra amin’ny fahazaran-dratsy amin’ny sakafary manalefaka ny herin-tsaina, dia tsy hanome lanjany firy ny momba ny famonjena sy ny fiainana mandrakizay ianao, kanefa izany no hanosika anao hampifanaraka ny fiainana amin’ny fiainan’i Kristy: dia tsy ho afaka hihezaka

amin-kerim-po sy fahafoizan-tena mba hifanaraka tanteraka amin'ny sitrapon' Andriamanitra ianao. Izany anefa no takian'ny Teniny ary izany koa no ilainao mba ahavoaomana anao ara-panahy handray ny asa farany mitondra ho any amin'ny fainana mandrakizay. Test., Vol. 2, p. 66

Mandrisika antsika ny Baiboly “homana amin’izay fotoana mety, mba hampahatanjaka ny tena fa tsy ny maupahamamo azy”. Nefa, mampalahelo ny fanaovana an-tsirambina ny hoe « amin’ny fotoana mety» eo amin’ny ohatra maro ary izay ampianarin’ny ray amandreny ny zanany dia tsy ny handà ny fitiavan-komana fa ny hampanaram-po izany ;

“Tsy tokony havela hihinana vatomamy, voankazo, voanjo isankarazany, na zavatra hohanina na inona na inona eny anelanelan’ny sakafony” ny zanakareo.” – Test., vol. 4, p. 502.

Tsy fikasako amin’izao fanambarana fohy ireo foto-kevitra ireo ny hametraka fitsipika henjana sy lalina, fa ny haneho kosa ny mahazava-dehibe azy sy ny hitarika ny saina ho eo amin’ny loza lehibe kokoa eo amin’ny fanaovana azy an-tsirambina; Na dia izany aza, dia nisy teny mazava nambaran’ny Fanahin’ny Faminaniana. Ilazàna isika mikasika ny fanaovana ny hena ho sakaflo: “Mampitombo im-polo heny ny fahazoana aretina ny fihinanan-kena. Mampihena ny hery ara-tsaina, ara-pitondran-tena sy ara-batana ny fahazarana mihinan-kena; manankorontana ny firafitry ny tena, manamaizina ny saina sy mampihena ny fahatsapana eo amin’ny ara-pitondran-tena ny fihinanan-kena : Izao no lazainay anareo, ranadahy sy rahavavy isany, ny azo antoka indrindra ho anareo dia ny miala amin’ny hena.” – Test., vol. 2, p. 64.

Raha mametraka ny fitokisana tokony ho izy amin’izay nambaran’ny mpanompovavin’ny Tompo mikasika an’izany isika dia tsy maintsy ho toy izao no ho fehin-tenintsika: tsy ho mpihinan-kena izay miandry ny fiavian’ny Tompo. Tsotra sy mazava ny fanambarana manaraka:

“Naseho ahy niverimberina fa miezaka hamerina antsika Andriamanitra, isaky ny mandingana, ho amin’ny fikasany tany amin’ny voalohany, - fa ny vokatry ny tany no ivelomany ny olona. Ireo izay miandry ny fiavian’ny Tompo, dia hiala amin’ny fihinanan-kena no hiafarany; hijanona tsy ho anisan’ny sakafony intsony nynofom-biby.

Tokony ho eo imasontsika mandrakariva izany fiafaran-javatra izany ka hiezaka isika hiasa mafy ho amin' izany.” Counsels on Health, p. 504.

Misy toro-marika mazava tonga amintsika amin’ny maha-mpiasa antsika. Mariho ny manarraka: “Ireo izay mankasitraka ireo foto-kevitra ireo ihany (foto-kevitry ny fahasalamana) sy nobeazina hitandrina ny vatany amim-pahendrena sy amin’ny fahatahorana an’ Andriamanitra, no tokony hofidiana handray andraikitra amin’ity asa ity.” Test., Vol. 6, p. 375 . Tsy tokony hisy olona hatokana hampianatra ny olona raha ny fampianarany n any ohatra omeny no mifanohitra amin’ny teny vavolombelona nomen’ Andriamanitra ny mpanompony hoentina mikasika ny sakafy, satria hitondra fifanjevona izany. Ny tsy firaihany mikasika ny fanavaozana ara-pahasalamana dia tsy mahamendrika azy hijoro ho mpitondra hafatr’ i Jehovah.” –Test., Vol. 6, p. 378.

Tsy afaka handray ny ranonorana farany isika, hanao ny antso avo, ary hiakatra velona, nefy hanao hodian-tsy hita ireo zavatra ireo. “Mangataka antsika Andriamanitra hanadio ny fitiavan-komantsika ka hampihatra fahafoizan-tena mikasika ireo zavatra tsy tsara. Asa tokony ho vita izany alohan’ny ahazoan’ny olony hijoro ho tanteraka eo anatrehany.” –Test., Vol. 9, pp. 153, 154.

Tsy afaka handray ny rranonorana farany isika, hanao ny antso avo, ary hakarina velona, ary tsy hiraika ny amin’ireo zavatra ireo. “Mangataka Andriamanitra ny hanadiovana ny fitiavan-komana sy ny hampiharana ny fahafoizan-tena mikasika ny zavatra tsy tsara. Asa tokony ho vita alohan’ny ahazoan’ny olony hijoro eo anatrehany ho vahoaka manana ny fahatanterahana izany “. – Test., Vol. 9, pp. 153, 154.

Mazava ho azy fa, raha manatona ny farany isika, dia tsy maintsy hitondra ny hafatra momba ny fahasalamana amin’ny fanehoana koka ny lafin-tsarany, voalanjalanja sy voahavitra, satria, “ilaintsika ny mahafantatra fa ny fitiavan-komana avela hanararaotra no sakana lehibe indrindra amin’ny fivoaran’ny saina sy ny fanamasinana ny fanahy.” Azo antoka fa tsy maintsy hanana hery matanjaka eo amin’ny saintsika isika ankehitriny, sy fanahy nohamasinina tanteraka. 1 Tes. 5: 23, 24.

Tokony horaisina koa ny hafatra ho an’ny Laodikia raha ny mika-

sika an'izany, satria

“ireo izay nahatafita ny tanjona rehetra sady nahatanty ny fitsapana rehetra, ka nandresy, na inona nety ho tamin’izany, dia nandray ny toro-hevity ny Vavolombelona marina, ka handray ny fara-orana izy ireo dia ho voaomanana hiakatra velona”.

## NY RANONORANA FARANY

« Ary ianareo, ry zanak’i Ziona , miravoravoa sy mifalia amin’ i Jehovah Andriamanitrareo, fa hanome anareo ny loha-orana onony Izy, dia handatsaka ranonorana mivatravatra ho anareo; eny ny loha-orana sy ny fara-orana aloha »; Joela 2 :23

Ny asan’ny Fanahy dia ny mampiaiky fahotana, sy fahamarinana ary fitsarana. Jaona 16:8. Noho izany io asa io dia handroso eo ambanin’ny hery miasa manginan’ny Ranonorana voalohany mandra-pahadio ny tempolin’ny fanahy ho afaka amin’ny fahalotoana rehetra”, izay vao afaka hirotsaka ny ranonorana farany. Mampiaiky fahotana ny Fanahy. Ekena sy hialàna izany, dia miaiky ny fahamarinana ny fanahy, satria ny fahamarinan’ i Kristy dia isaina ho solon’ny fahotana; amin’izany fomba izany isika dia manjary lehilahy sy vehivavy mahatratra ny fitomboana feno ao amin’ i Kristy Jesosy. Tsy afaka manatanteraka izany ho antsika ny ranonorana farany. Tsy maintsy ho vitan’ny ranonorana aloha izany rehetra izany.

“Hitako fa tsy misy afaka handray ny ‘famelombelomana’ raha tsy nahazo ny fandresena tamin’ny fisalasalana rehetra, ny avonavona, ny fitiavan-tena, ny fitiavana an’izao tontolo izao, ary ny teny sy ny fihetsika ratsy rehetra. Noho izany, tokony ho voatarika akaikaiky kokoa ny Tompo isika,, ary hikatsaka amin-kafanam-po ny fiomanana ilaina mba ahatonga antsika ho afaka mijoro amin’ny adin’ny andron’ i Jehovah”. Early Writings, p. 71.

“Hitako fa maro no manao antsirambina ny fiomanana ilaina indrindra, ka niandry ny fotoana ‘famelombelomana’ sy ny ‘ranonorana farany’ ahatonga azy ho afaka hijoro amin’ny andron’ i Jehovah, sy ho velona eo anatrehany. Oh! firifiry no hitako tsy manam-pialofana tamin’ny andro mahory! Nanao antsirambina ny fiomanana nilaina

izy; noho izany dia tsy afaka nandray ny famelombelomana mba ho afaka ho velona eo imason' ny Andriamanitra masina.” – Early Writings, p. 71.

Mariho fa izay diso ka tsy nanao ny fiomanana nilaina teo ambanin’ny “ranonorana voalohany” dia tsy afaka nandray ny famelombelomana”. Miankina amin’ny toe-po ny fandraisana ny ‘famelombelomana’; raha tsy misy io dia tsy afaka handray izany izy ireo; Fenon’ny zavatra hafa ny fo – “fitiavan-tena, avonavona, fitiavana an’izao tontolo izao”, ka tsy afaka handray “famelombelomana”.

Manetriketrika indrindra izany eritreritra izany! Amin-kafanam-po sy vavaka manao ahoana no tokony handinihantsika ny fainantsika sy ny fitombohantsika ara-panahy!

“Maneho ny fahasoavana ara-panahy izay manomana ny fiangonana ho amin’ny fiafian’ny Zanak’olona ny ranonorana farany, izay manamasaka ny vokatry ny tany hojinjaina; nefo raha tsy nirotsaka ny ranonorana aloha, dia tsy hisy aina, tsy hitsiry ny ahi-maitso. Raha tsy nahavita ny asany ny ranonorana voalohany, dia tsy ahatonga fahatanterahana eo amin’ny voa ny ranonorana farany.” Testimonies to Ministers, p. 506.

Tsy misy olona mifikitra amin’ny fahotana fantatra no afaka handray ny ranonorana farany; Ny fanamasahana ny voa dia mampiseho ny fahatanterahan’ ny asan’ny fahasoavan’ Andriamanitra ao amin’ny fanahy.” Tsy hampiharina ny fahasoavan’ Andriamanitra hitondra “fandresena amin’ny fisalasalana rehetra” vao ho azo raisina ny ranonorana farany. Tsy manao zavatra tsy araka ny filaminana Andriamanitra. “Betsaka no tsy nahazo ny ranonorana voalohany. Tsy nandray ny tombon-tsoa rehetra izay efa nomanin’ Andriamanitra ho azy izy. Manantena izy fa hofenoin’ ny ranonorana farany ny banga. Rehefa hirotsaka mitobaka ireo fahasoavana sarobidy indrindra, dia mikasa ny hanokatra ny fony izy handraisany an’izany. Tena diso hevitra be izy.” –Testimonies to Ministers p. 507.

Aoka isika tsy ho voafitaka ny mikasika izany. Hirotsaka marina ny ranonorana farany, nefo tsy hahita izany ny matimaty mihevi-tena ho afa-po amin’ny fahamarinan’ny tenany. “Tsy tokony hisy antsirambina atao amin’ny fahasoavana asehon’ny ranonorana voalohany.

Ireo izay mivelona amin'ny fahazavana hananany ihany no handray fahazavana bebe kokoa. Raha tsy mandroso isan'andro isika amin'ny fanehoana ny ohatry ny toetran'ny Kristiana, dia tsy ho fantatsika ireo fisehoan'ny Fanahy Masina amin'ny Ranonorana farany. Mety hirotsaka amin'ny fo manodidina antsika izany, nefo tsy ho hitantsika na horaisintsika". - Id.

"Efa manao ny asany sahady eo amin'ny fitsarana ireo anjelin' Andriamanitra, ary miala tsikelikely amin'izao tontolo izao ny Fana-hin' Andriamanitra. Efa tena akaiky ny fandresen'ny fiangonana, efa mby eo am-pelatanantsika ny valisoa homena, nefo mbola hita ihany ny faharatsiana eo amin'izay misora-tena ho manana ny fahazavana feno manjelajelatry ny lanitra. ... Aoka hifoha ny mpitandrina, aoka horaisiny an-tanana ny toe-javatra. Manomboka ao amin'ny fitoerana masina ny asa fitsarana." – Testimonies to Ministers, p. 431.

Aoka hotsaroantsika izao: "Raha tsy mandroso isika, raha tsy mi-vonona handray ny ranonorana aloha sy ny ranonorana farany isika, dia ho very ny fanahintsika ary ho eo an-tokonam-baravarantsika ny andraikitra momba izany."

Tsy manana afa-tsy ny hafatra ho an'i Laodikia Jehovah hamo-hazana ny fiangonany matory. Tandindomin'ny fahaverezana mandrakizay isika raha mitsipaka izany.

## FAMINTINANA FOHY

Andeha hiverenantsika ireo zava-manaitra mampisongadina ny hafatra ho an'i Laodikia ;

1- Mitarika ho amin'ny fandinihina akaiky ny fo izany, ho amin'ny fiaikena ny fahotana, manetsika ny olon' Andriamanitra izany.

« Fony izy naseho voalohany, dia nitarika ho amin'ny fandinihina akaiky ny fo izany. Nekena ny fahotana, ka voahetsika hatraiza hatraiza ny olon' Andriamanitra . »

2- Hampifoha ny olon' Andriamanitra izany, ho hitany ny fihemorany, hibebaka izy ary ho tonga vonona ho amin'ny Antso avo.

'Natao hampifoha ny olon' Andriamanitra izany, hahitany ny fihemorany, ka hitarika azy ho amin'ny fibebahana feno hafanam-po, mba hahazo tombon-tsoa amin'ny fanatrehan'i Jesosy izy, ary ho

tonga vonona ho amin'ny antso avon'ny anjely telo. »

3 – Mitarika ho amin'ny fanetren-tena lalina izany, ary halefa hatraiza hatraiza ny anjely hanomana ny tsy mino handray ny hafatra.

“Mihatra amin’ny fo ny hafatra, mitarika ho amin’ny fanetren-tena lalina izany eo anatrehan’ Andriamanitra. Nalefa hatraiza hatraiza ny anjely hanomana ny fo tsy mino ho amin’ny fahamarinana”.

4. –Tsy nohai noana araka izay tokony ho izy izany, miankina amin’izany ny ho anjaran’ny fiangonana.

“ Zary tapany no nandraisana ny tenin’ ilay Vavolombelona mahatoky sy marina. Maivamaivana no nandraisana ny teny manetrik-etrika iankinan’ ny ho anjaran’ny fiangonana, raha tsy nohamavoina manontolo.”

5 – Mahatonga ny fikororohana izany

“Nanontaniako ny dikan’ny fikororohana hitako, ka naseho ahy fa avy amin’ny teny vavolombelona mivantana izany izay natao noho ny toro-hevitry’ Ilay Vavolombelona marina ho an’ny Laodikiana”.

6. – Ho velomina indray izany. “Miantso famerenana indray an’ilay vavolombelona mivantana natao tamin’ireo taona efa lasa ny Tompo”.

7- Mahavonona antsika ho amin’ny Ranonorana farany sy hiakatra velona izany. “Ireo izay nahatafita ny tanjona rehetra sady nahatanty ny fitsapana rehetra, ka nandresy, na inona nety ho tambin’izany, dia nandray ny toro-hevity ny Vavolombelona marina, ka handray ny fara-orana izy ireo dia ho voaomanana hiakatra velona”.

8 – Vita ny asan’ Andriamanitra ao anatin’ny fifohazan’ny hafatra ho an’ny Laodikiana;

“Naseho ahy ny fotoana hifaranan’ny hafatry ny anjely telo. Nitoe tra teo amin’ny olon’ Andriamanitra ny herin’ Andriamanitra, no tanterahiny ny asany, ary vonona ho amin’ny ora fisedrana manoloana azy izy. Nandray ny Ranonorana farany izy, na ny famelombelomana avy amin’ny fanatrehan’ny Tompo, ary novelomina indray ny teny

vavolombelona velona.”

Dia mety ho isika ve ireo ho anisan’izay mitohy manao antsirambina sady tsy rototra mandra-pilatsaky ny lamban-dampihazo ho amin’ny sehatra mandrakizay? Tsy misy teny hanambarana araka izay tokony ho izy ny maha-manetriketrik’an’ireo oram-pahasoavana ireo. Toe-javatra mampalahelo ny hoe “betsaka no tsy handray ny hafatra izay alefan’ny lanitra amin’ny famindram-po”. Nahoana? “Tsy zakany ny hilazana ny antsirambina ataony amin’ny adidiny, sy ny momba ny zava-dratsy ataony, ny fitiavan-tenany, ny avonavony sy ny fitiavany an’izao tontolo izao”. “Tsy ho ela dia ho rava ho mandrakizay izao tontolo izao”. “Aza tia an’izao tontolo izao, na izay zavatra eo amin’izao tontolo izao”.

Hifoha no hiasaran’ny rehetra, nefo ny sasany ho diso aoriana loatra..“Rehefa manafaka ny vahoakany tsy ho babo intsony ny feon’ Andriamanitra, dia misy fifohazana mahatahotra eo amin’ireo izay mahita fa maty antoka izy tamin’ny zavatra rehetra teo amin’ny ady lehiben’ ny fainana. Raha mbola mitohy ny androm-pahasoavana dia jamban’ny fitak’i Satana izy, ka nitady izay hanamarinana ny fihetsika nataony sy ny fahotany”. HM p. 680.1

Nefa “isaorana Andriamanitra, tsy ho mafy toy ny vato ny rehetra ka ho resin-tory voarotsirotsy ao amin’ny fitokisana ny nofo. Hisy olona mahatoky izay ahafantatra ny famantarana ny fotoana . Raha misy olona maro misora-tena mandray ny fahamarinana ankehitriny no handà ny finoany amin’ny asany, hisy kosa izay hiharitra hatramin’ny farany.... Maro ireo misora-tena ho zanak’Andriamanitra, no mitohy mikatsaka izay eo amin’izao tontolo izao amin-kerim-po izay mahatonga ny zavatra ambarany ho lainga. Hamboly sy hanao trano izy, hivarotra sy hividy, hihinana sy hisotro, hampaka-bady sy hamoaka ny hampakarina, mandra-pahatonga ny fotoam-pahasoavana farany ho azy; izany no toetry ny olona maro ao amintsika.” –Test., Vol. 5, p. 10.


Azo antoka fa banana olona Andriamanitra vonona ka hiteny hoe: “Indro Andriamanitra izay nandrasantsika hamonjy antsika. “

Miezaha hiditra io vavahady ety io; fa maro no hitady ny hihiditra nefo tsy ho afaka;” “Misy handondona rehefa efa mihidy ny varavarana! Tsindraidray, tsindraidray , henoy ny feo manao hoe: ‘Tsy fan-

tatratra ianareo'. Ianao ve izany? Izaho ve? Ianao ve? Izaho ve?" (46)

Ny kisary manaraka dia natao haneho ireo toe-javatra araka ny fizotrany amin'ny asa famaranana, nefo tsy misy dikany izany eo amin'ny halavam-potoana naseho. Ary aoka tsy hohadinoina fa misy toe-javatra mifamatotra izay tsy hita aseho amin'ny tsipika mazava .Nefo ireo tsipika mazava dia mitovy ihany ny antony;

### Kisary



Ny hafatra fanombohan-kase dia nanomboka tamin'ny 1848 araka ny nasehon'ny fahitana nomena an' ny anabavy White tamin' ny fahitana tamin'ny 18 Novambra 1848, hoy indrindra izy, raha niteny momba ny fahamarinana momba ny Sabata izy: "Misonga io fahamarinana io, ary mitombo miha-mahery hatrany hatrany. Indro ny fanombohan-kase! Avy izy izao! Misonga avy amin'ny fiposahan'ny masoandro. Toy ny masoandro no fiposahany, mamanara aloha dia vao mitombo mihamafana, ary mandefa ireo tanamasoandrony. Mihazona ny rivotra efatry ny lanitra ny anjely. Andriamanitra no mamefy ny heriny. Tsy avelan' ny anjely hitsoka izany, satria tsy voaisy tombon-kase daholo ny olo-masina." R. H, June 14, 1906;

Tsy ilàna fanazavana ho an'ny Advantista mitandrina ny Andro fahafito nandray fahalalana mazava fa fanandramana mazava eo amin'ny hafatra mazava momba ny Fanamarinana amin'ny finoana ny 1888.

Ny “fikororohana” eo amin’ny kisary dia natao hanehoana io fandramana io eo amin’ny asa farany, nefo tsy maneho ny fotoana niantombohany.

Satria ny hafatra ho an’ i Laodikia dia hampiharina amin’ny olon’ Andriamanitra izay misora-tena ho mino ny “fahamarinana ankehitriny”, dia asehon’ny kisary izany hatramin’ny fiantombohan’ny hafatra momba ny fanombohan-kase. Tsy natao anjoanjo izany.

Mahatonga ny “fikororohana” ny hafatra ho an’ny Laodikia noho izany napetraka alohan’ io toe-javatra io indrindra ny fifohazan’ny hafatra ho an’ i Laodikia.

Koa satria “tsy maintsy hodiovana ho afaka amin’ny loto rehetra ny tempolin’ny fanahy” alohan’ny fanandramana momba ny Ranonorana farany, dia mety hisy hametraka ny “fanombohan-kase ny olona masina mialoha indrindra ny ‘Ranonorana farany’. Tsy misy manamarina an’izany, nefo araka ny fiheverako, dia sahaza ny toerana misy azy eo amin’ny kisary.

Oviana no tokony hampiasana voalohany ny voambolana hoe “matimaty, iza no mahalala izany?

ZAVA MAHASOA AO AMIN' NY  
TAMBANJOTRA FIFANDRAISANA

Foibe Ellen White  
[www.ellengwhite.org](http://www.ellengwhite.org)  
(Tahirin-kevitra azo sintonina)

Hope Video Ministries  
[www.hopevideo.org](http://www.hopevideo.org)  
(Toriteny:: rakipeo sy rakitsary)

David Gates:  
[www.gospelministry.org](http://www.gospelministry.org)  
(Toriteny sy boky)

Tahirin-kevitra hafa  
Ny Akanjony sa ny ahy nosoratan' i Frank Phillips  
Justified Walk Sermon Series  
[www.justifiedwalk.com](http://www.justifiedwalk.com)  
(Azo sintonina maimaimpoana, boky; rakipeo  
misy toriteny sy fanazavana an-tsoratra, ary  
tahirin-kevitra hafa).  
Voadika amin'ny teny hafa koa!  
Fanafarana (maimaimpoana): Antsoy ny (269)471-9224  
Na manorata amin'ny:  
Justified Walk Ministries  
PO BOX 233  
Berrien Springs, MI 49103



48/ *NY FARA-EZAKA ATAON' ANDRIAMANITRA HAMOHAZANA NY OLONY*